Décret n° 99-954 du 15 décembre 1999 relatif à la mise en compatibilité des investissements avec l'environnement

(J.O. n° 2648 du 10.07.2000, p. 2235)

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,
Vu la Constitution ;
Vu la loi n° 90-033 du 21 décembre 1990 portant Charte de l'Environnement et ses modificatifs ;

Vu le décret n° 95-607 du 10 septembre 1995 portant création et organisation de l'Office National pour l'Environnement et ses modificatifs ;
Vu le décret n° 98-522 du 23 juillet 1998 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
Vu le décret n° 98-530 du 31 juillet 1998 portant nomination des membres du Gouvernement ;

Vu le décret n° 98-962 du 18 novembre 1998 fixant les attributions du Ministre de l'Environnement ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;

Sur proposition du Ministre de l'Environnement ;
En Conseil du Gouvernement,
Décrète :

Article premier - Le présent décret a pour objet de fixer les règles et procédures à suivre en vue de la mise en compatibilité des investissements avec l'environnement et de préciser la nature, les attributions respectives et le degré d'autorité des institutions ou organismes habilités à cet effet.

CHAPITRE I
Dispositions générales

Art. 2 - Au sens du présent décret, on entend par :

Agrément environnemental ou Certificat de conformité : l'acte administratif délivré selon le cas par le Ministère chargé de l'Environnement ou le Ministère de tutelle de l'activité, après avis technique du CTE, de l'ONE ou de la cellule environnementale concernée, à l'issue d'une évaluation positive de la demande d'agrément environnemental (cf. articles 38 et 40) ;

Cellule Environnementale : la cellule établie au niveau de chaque Ministère sectoriel, et chargée de l'intégration de la dimension environnementale dans les politiques sectorielles respectives, dans une optique de développement durable ;

CTE ou Comité Technique d'Evaluation ad hoc : le Comité Technique d'Evaluation *ad hoc* chargé de l'évaluation du dossier d'EIE prévu par le présent décret ;

CIME ou Comité InterMinistériel de l'Environnement : le Comité dont les attributions sont définies par le décret n° 97-823

Didim-panjakana n° 99-954 tamin'ny 15 Desambra 1999 mikasika ny fampifaneranana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana

(idem)

Ny Praiminisitra , sady Lehiben'ny Governemanta,
Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka ny lalàna laharana faha 90-033 tamin'ny 21 desambra 1990 amaritana ny sori-dalan-kitondrana ny tontolo iainana sy ireo fanovana azy ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha 95-607 tamin'ny 10 septambra 1995 ananganana sy andaminana ny Foibem-pirenena momba ny Tontolo Iainana sy ireo fanovana azy ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha 98-522 tamin'ny 23 jolay 1998 manendry ny Praiminisitra, sady Lehiben'ny Governemanta ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha 98-530 tamin'ny 31 juillet 1998 manendry ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha 98-962 tamin'ny 18 novambra 1998 mamaritra ny anjara asan'ny Minisitry ny Tontolo iainana ary koa ny fandaminana ankapobe ny minisiterany
Araka ny tolokevitry ny Minisitry ny Tontolo iainana ;
Eo amin'ny filan-kevitry ny Governemanta,
Dia mamoka izao didy izao :

Andininy voalohany - Ity didim-panjakana ity no mamaritra ny fitsipika sy ny paika arahina ho fampifaneranana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana ary manoritra mazava ny toetoetra, ny anjara andraikitra avy ary koa ny lanjan'ny fahefan'ny andrim-pitondrana na ny antokon-draharaha manamahefa ho amin'izany.

TOKO I
Fepetra ankapobe

And. 2 - Araka ny hevin-teny amin'ity didim-pitondrana ity :

Fankatoavana momba ny tontolo iainana na fanamarinam-pifanarahana : soratra ara-panjakana omen'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana na ny minisitera miahy ny lahasa aorian'ny hevitra ara-teknikan'ny KTF, ny FTI na ny sampana momba ny tontolo iainana voakasika, aorian'ny fanombanana mahafam-po ny fangataham-pankatoavana momba ny tontolo iainana (jereo. and.38 sy 40) ;

Sampana momba ny tontolo iainana : ny sampana apetraka eo anivon'ny minisitera voakasiky ny sehatra, ary miandraikitra ny fampidirana ny lanjan'ny tontolo iainana ao amin'ny politika isan-tsehatra tsirairay avy, amin'ny fijery mikendry ny fampandrosoana maharitra ;

KTF na Komity Teknika momba ny Fanombanana : ny Komity Teknika momba ny Fanombanana sahaza (*comité ad hoc*) no miandraikitra ny fanombanana ny antotan-taratasy mikasika ny FMFTI voalazan'ity didim-panjakana ity ;

KIMTI na Komity Iraisan'ny Minisitera momba ny Tontolo Iainana : Komity izay ny anjara asany dia voafaritry ny didim-panjakana laharana faha 97-823

du 12 juin 1997 portant création, organisation et fonctionnement du CIME ;

EIE ou Etude d'Impact Environnemental : l'étude qui consiste en l'analyse scientifique et préalable des impacts potentiels prévisibles d'une activité donnée sur l'environnement, et en l'examen de l'acceptabilité de leur niveau et des mesures d'atténuation permettant d'assurer l'intégrité de l'environnement dans les limites des meilleures technologies disponibles à un coût économiquement acceptable ;

MECIE : la mise en compatibilité des investissements avec l'environnement ;

ONE ou Office National pour l'Environnement : l'organe de coordination opérationnelle de la mise en œuvre des programmes environnementaux nationaux, placé sous la tutelle du Ministère chargé de l'Environnement et dont les attributions sont définies par le décret n° 95-607 du 10 septembre 1995 et ses modificatifs ;

Permis environnemental : l'acte administratif délivré par le Ministre chargé de l'Environnement à la suite d'une évaluation favorable de l'EIE ;

PGEP : le Plan de Gestion Environnementale du Projet qui constitue le cahier de charges environnemental dudit projet et consiste en un programme de mise en œuvre et de suivi des mesures envisagées par l'EIE pour supprimer, réduire et éventuellement compenser les conséquences dommageables du projet sur l'environnement ;

PREE ou Programme d'Engagement Environnemental : un programme, géré directement par la cellule environnementale du ministère sectoriel dont relève la tutelle de l'activité, qui consiste en l'engagement du promoteur de prendre certaines mesures d'atténuation des impacts de son activité sur l'environnement, ainsi que des mesures éventuelles de réhabilitation du lieu d'implantation ;

Promoteur ou investisseur : le maître d'œuvre du projet ;

Quitus environnemental : l'acte administratif d'approbation par lequel l'autorité compétente qui avait accordé le permis environnemental reconnaît l'achèvement, la régularité et l'exactitude des travaux de réhabilitation entrepris par le promoteur et le dégage de sa responsabilité environnementale envers l'Etat ;

TDR : les Termes de Référence par lesquels est fixé le cadre du contenu et de l'étendue d'une EIE (cf. article 12) ;

Art. 3 - Conformément aux dispositions de l'article 10 de la loi n° 90-033 du 21 décembre

tamin'ny 12 jona 1997 ananganana sy andamionana ary ampandehanana ny KIMTI ;

FMFTI na Fanadihadiana Momba ny Fiantraika amin'ny Tontolo iainana : Fanadihadiana izay mifototra amin'ny famoaboasana ara-tsiantifika mialoha ny mety ho fiantraikan'ny lahasa iray eo amin'ny tontolo iainana, ary ny fandinihina ny fahazoa-manaiky ny antoany sy ny fepetra fanalefahana mba iantohana ny tsy fanohintohinana ny tontolo iainana, ary izany dia amin'ny fetra faran'ny hai-tao tsara indrindra azo ampiasaina ka amin'ny vidy ara-toekarena azo iainana ;

FFTI : Fampifaneranana ny Fampiasam-bola amin'ny Tontolo lainana ;

FTI na Foibam-pirenena momba ny Tontolo lainana : Rantsa-mangaika mpandrindra ahazoana manatanteraka ny fandaharan'asam-pirenena momba ny tontolo iainana, apetraka eo ambany fiahian'ny Minisitera miandraikitra ny tontolo iainana, izay ny anjara raharahany dia faritan'ny didim-pitondrana laharana faha 95-607 tamin'ny 10 septambra 1995 sy ireo fanovana azy.

Fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana : soratra ara-panjakana omen'ny Minisitera miandraikitra ny tontolo iainana aorian'ny fanombanana arahim-pankasitrahina avy amin'ny FMFTI ;

DITIT : ny Drafitra Itantanana ny Tontolo Iainana mikasika ny Tetik'asa izay ahitana ny bokin'andraikitra momba ny tontolo iainana mikasika ny tetik'asa voalaza ary mifototra amin'ny fanatanterahana ny fandaharan'asa sy ny fanarahamaso ny fepetra noraisin'ny FMFTI mba anafoanana, andefena ary koa mety anonerana ny vokatry ny fanimban'ny tetik'asa eo amin'ny tontolo iainana ;

FITI na Fandaharan'asa ny Irotsahana eo amin'ny Tontolo lainana : fandaharan'asa iray tantanan'ny sampana momba ny tontolo iainana mivantana ao amin'ny minisitera isan-tsehatra izay miahy ny lahasa, ka mifototra amin'ny fanomezan-tokin'ny tomponà antok'asa handray fepetra sasantsasany mandefy ny fiantraikan'ny lahasa ny eo amin'ny tontolo iainana, ary koa ny mety ho fepetra fanarenana ny toerana iorenana ;

Tompon-kevitra na mpampiasa vola : ny tompon'antoky ny tetik'asa ;

Fanafahan'andraikitra momba ny tontolo iainana : soratra ara-panjakana fankasitrahana izay ataon'ny manamahefa nanome ny fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana ka manaiky ny fahavitana, fahaara-pitsipika sy ny hamarinan'ny asa fanamboarana notanterahin'ny tompn-kevitra ary manala azy ny amin'ny maha-tompon'andraikitra amin'ny tontolo iainana azy eo anoloan'ny Fanjakana ;

TF : ny Teny Fitsiahy izay hamaritana ny sehatry ny votoaty sy ny velatry ny FMFTI iray (cf. and.12) ;

And. 3 - Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-10 amin'ny lalàna laharana faha 90-033 tamin'ny 21

1990 portant Charte de l'Environnement, les projets d'investissements publics ou privés, qu'ils soient soumis ou non à autorisation ou à approbation d'une autorité administrative, ou qu'ils soient susceptibles de porter atteinte à l'environnement doivent faire l'objet d'une étude d'impact.

Ces études d'impact prennent la forme soit d'une étude d'impact environnemental (EIE), soit d'un Programme d'Engagement Environnemental (PREE), selon que les projets relèvent des dispositions des articles 4 ou 5 suivants.

Dans tous les cas, il est tenu compte de la nature technique, de l'ampleur des dits projets ainsi que la sensibilité du milieu d'implantation.

Art. 4 - Les projets suivants, qu'ils soient publics ou privés, ou qu'ils s'agissent d'investissements soumis au droit commun ou régis par des règles particulières d'autorisation, d'approbation ou d'agrément, sont soumis aux prescriptions ci-après :

a) la réalisation d'une étude d'impact environnemental (EIE) ;

b) l'obtention d'un permis environnemental délivré à la suite d'une évaluation favorable de l'EIE ;

c) la délivrance d'un Plan de Gestion Environnementale du Projet (PGEP) constituant le cahier des charges environnemental du projet concerné.

1° Toutes implantations ou modifications d'aménagements, ouvrages et travaux situés dans les zones sensibles prévues par l'arrêté n° 4355/97 du 13 mai 1997 portant désignation des zones sensibles.

La modification de cet arrêté peut être initiée, en tant que de besoin, par le Ministre chargé de l'Environnement, en concertation avec les Ministères sectoriels concernés.

2° Les types d'investissements figurant dans l'Annexe I du présent décret.

3° Toutes implantations ou modifications des aménagements, ouvrages et travaux susceptibles, de par leur nature technique, leur contiguïté, l'importance de leurs dimensions ou de la sensibilité du milieu d'implantation, d'avoir des conséquences dommageables sur l'environnement, non visées par l'article 4.1 ou par l'annexe I du présent décret et pour lesquelles, le Ministère chargé de l'Environnement ou le Ministère de tutelle de l'activité concernée, dûment saisi ou non par le promoteur, décide par voie réglementaire, après consultation de la cellule environnementale du secteur concerné, qu'une EIE est nécessaire.

desambra 1990 amaritana ny sori-dalan-kitondrana ny tontolo iainana, " ny vinavina kasain'ny fanjakana na olon-tsotra hampiasana vola ka mety hanimba ny tontolo iainana dia tsy maintsy onaovana fanadihadiana ny momba izay mety ho fiantraikany ".

Izany fanadihadiana ny ho fiantraikany izany dia miendrika na fanadihadiana momba ny fiantraika eo amin'ny tontolo iainana (FMFTI), na fandaharan'asa Irotsahana eo amin'ny tontolo iainana (FITI), arakaraka ny tetik'asa, na izy miankina amin'ny fepetra voalazan' ny andininy faha-4 na amin'ny andininy faha-5 sy ny manaraka.

Amin'ny trangan-javatra rehetra, dia tsy maintsy heverina ny toetra ara-teknika, ny halehiben'ny tetik'asa voalaza ary koa ny fahatohintohinan'ny toerana iorenana.

And. 4 - Ny tetik'asa manaraka etoana, na izy ara-panjakana na an'olo-tsotra, na izy fampiasam-bola fehezin'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoka na fehezin'ny fitsipika manokana amin'ny fanomezan-dàlana na fankasitrahana na fankatoavana, dia tsy maintsy manoa ny torolàlana manaraka etoana :

a) ny fanatanterahina ny fanadihadiana ny ny momba ny fiantraika amin'ny tontolo iainana FMFTI ;

b) ny fananana ny fahazoan-dàlana momba ny tontolo ianana nomena taorian'ny fanombanana narahim-pankasitrahina ny FMFTI ;

c) ny fanomezana ny drafitra itantanana ny tontolo iainana mikasika ny tetik'asa izay iorenan'ny bokin'andraikitra momba ny tontolo iainana mikasika ny tetik'asa voakasika :

1° Ny fanorenana rehetra na fanovana ny fanajariana, taozavatra sy asa atao amin'ny faritra mora voatohintohina voalaza aoa min'ny didim-pitondrana laharana faha-4355/97 tamin'ny 13 may 1997 anondroana ireo faritra mora voatohintohina.

Ny fanasiam-panovana io didim-pitondrana io, araka izay ilana izany, dia azon'ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana atao, rahefa niaraha-nidinika tamin'ny tamin'ireo minisitera voakasiky ny tetik'asa

2° Ireo karazana fampiasam-bola hita ao amin'ny Tovana I amin'izao didim-panjakana izao ;

3° Ny fanorenana rehetra na fanovana ny fanajariana, taozavatra sy asa, izay araka ny toetoetra ara-teknika , ny fifanolorany, ny lanjan'ny halehibeny na ny ny fahatohintohinan'ny toerana iorenana dia mety hiteraka voka-dratsy eo amin'ny tontolo iainana, izay tsy voalazan'ny andininy faha-4.1 na ny Tovana I amin'izao didim-panjakana izao ka hanapahan'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana na ny minisitera mpiahy ny lahasa voakasika, nampahafantarin'ny tompon-kevtra na tsia, taorian'ny fakana hevitra tamin'ny sampana momba ny tontolo iainana mikasika ny sehatra voakasika, fa ilaina ny FMFTI.

Art. 5 - Les projets d'investissements, publics ou privés, figurant dans l'Annexe II du présent décret sont soumis aux prescriptions suivantes :

- la production par l'investisseur d'un Programme d'Engagement Environnemental (PREE) dont le contenu, les conditions de recevabilité et les modalités d'application sont définis par voie réglementaire et par les dispositions transitoires du présent décret.
- une évaluation du PREE par la cellule environnementale du Ministère sectoriel directement concerné, qui établira et enverra les rapports y afférents au Ministère chargé de l'Environnement avec copie à l'ONE.

Toutefois, en cas de modification d'une activité prévue à l'Annexe II tendant à accroître les conséquences dommageables sur l'environnement, une EIE peut être requise, conformément aux dispositions de l'article 4.3, avant l'exécution des travaux de modification.

Art. 6 - Pour les investissements, publics ou privés, visés à l'article 4, le permis environnemental constitue un préalable obligatoire à tout commencement des travaux. Le permis environnemental est délivré par le Ministre chargé de l'Environnement sur la base de l'avis technique du CTE faisant suite à l'évaluation de l'EIE du projet.

Pour les investissements, publics ou privés, visés à l'article 5, l'approbation du PREE constitue un préalable obligatoire à tout commencement des travaux. L'approbation du PREE relève du Ministère sectoriel concerné, sur la base de l'avis technique de sa cellule environnementale.

Art. 7 - L'EIE consiste en l'examen préalable des impacts potentiels prévisibles d'une activité donnée sur l'environnement; elle devra mettre en œuvre toutes les connaissances scientifiques pour prévoir ces impacts et les ramener à un niveau acceptable pour assurer l'intégrité de l'environnement dans les limites des meilleures technologies disponibles à un coût économiquement viable.

Le niveau d'acceptabilité est apprécié en particulier sur la base des politiques environnementales, des normes légales, des valeurs limites de rejets, des coûts sociaux, culturels et économiques, et des pertes en patrimoines.

Toute absence d'EIE pour les nouveaux investissements visés à l'article 4, entraîne la suspension d'activité dès lors que l'inexistence du permis environnemental y afférent est constatée. La suspension est prononcée conjointement par le Ministère chargé de

And. 5 - Ny tetik'asa fampiasam-bola, ara-panjakana na an'olon-tsotra, hita ao amin'ny Tovana II amin'izao didim-panjakana izao dia tsy maintsy manoa ny torolàlana manaraka etoana :

- ny fanehoan'ny mpampiasa vola ny drafitra itantanana ny tontolo iainana momba ny tetik'asa (DITIT) ka ny votoatiny, ny fepetra ahazoa-mandray ary ny fombafomba fanatanterahina dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika sy ireo fepetra tetezamita amin'ity didim-panjakana ity.
- ny fanombanan'ny sampana momba ny tontolo iainana ao amin' ny minisitera voakasiky ny sehatra mivantana ny DITIT, izay mamolavola sy mandefa ireo tatitra mikasika izany any amin'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana sy ny taha-dika any amin'ny FTI.

Na izany aza, raha misy fanovana ny lahasa voalazan'ny Tovana II mety hampitombo ny vokadratsy eo emin'ny tontolo iainana, dia azo takina ny FMFTI, araka ny fepetra voalazan'ny andininy 4.3, alohan'ny fanombohan'ny asa fanovana. .

And. 6 - Ho an'ny tetik'asa fampiasam-bola, ara-panjakana na an'olon-tsotra, voalaza ao amin'ny andininy faha-4, ny fahazoan-dàlana momba ny tontolo iainana no soratra mialoha tsy maintsy atao alohan'ny fiantombohan'ny asa rehetra. Ny fahazoan-dàlana momba ny tontolo iainana dia omen'ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana miainga avy amin'ny hevitra ara-teknikan'ny KTF ho tohin'ny fanombanana nataon'ny FMFTI ny tetik'asa.

Ho an'ny tetik'asa fampiasam-bola, ara-panjakana na an'olon-tsotra, voalaza ao amin'ny andininy faha-5, ny fankatoavana ny FITI no soratra mialoha tsy maintsy atao alohan'ny fiantombohan'ny asa rehetra. Ny fankatoavana ny FITI dia avy amin'ny minisitera voakasiky ny sehatra, miainga avy amin'ny hevitra ara-teknikan'ny sampana momba ny tontolo iainana ao aminy.

And. 7 - Ny FMFTI dia ny fanadihadiana mialoha ireo mety ho fiantraikan'ny lahasa iray eo amin'ny tontolo iainana ; izy io dia mampiasa ny fahalalana ara-tsiantifika rehetra ahafantarana mialoha ireo fiantraikany ireo sy hamerenana amin'ny antoana azo ekena mba iantohana ny tsy fanohintohinana ny tontolo iainana, ary izany dia amin'ny fetra faran'ny hai-tao tsara indrindra azo ampiasaina ka amin'ny vidy ara-toekarena azo iainana.

Ny antoana ahazoa-manaiky dia jerena miainga avy amin'ny politika momba ny tontolo iainana, ny fenitra ara-dalàna, ny fetra farany andavana, ny vidim-piainana ara-tsosialy, ara-kolontsaina ary ara-toekarena, sy ny fahavoazana eo amin'ny harena.

Ny tsy fisian'ny FMFTI ho an'ny fampiasam-bola vaovao voalazan'ny andininy faha-4, dia mitarika ny fampiatona ny asa atao raha vao hita fototra ny tsy fisian'ny fahazoan-dàlana momba ny tontolo iainana mifandraika amin'izany. Ny fampiatoana dia miaraka ambaran'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana sy

l'Environnement et le Ministère sectoriel concerné, sur proposition de l'ONE, de l'autorité locale du lieu d'implantation ou sur leur propre initiative.

Art. 8 - L'ONE, en collaboration avec les Ministères sectoriels concernés, est chargé de proposer les valeurs-limites et les normes environnementales de référence et d'élaborer les directives techniques environnementales ou contribuer à leur élaboration, pour chaque type d'activité considéré. Il assure le suivi et l'évaluation de l'applicabilité des normes et procédures sectorielles concernées fixées pour la mise en compatibilité des investissements avec l'environnement.

Art. 9 - Les valeurs-limites sont les seuils admissibles d'émissions ou les concentrations d'éléments qu'un milieu récepteur peut accepter. Ces seuils et concentrations seront fixés par voie réglementaire.

La norme est un référentiel officiel publié par un organisme indépendant et reconnu.

Les normes tant nationales qu'internationales ainsi que les directives en matière environnementale seront portées à la connaissance du public par tout moyen conforme à la réglementation en vigueur.

Les normes préconisées en la matière par les organismes internationaux affiliés aux Nations Unies peuvent servir de standard de référence, dans les cas où les normes nationales sont inexistantes ou font défaut.

Art. 10 - Sous l'impulsion du Ministère chargé de l'Environnement et avec l'appui technique de l'ONE, toutes informations et toutes données utiles pour gérer l'environnement en vue d'un développement humain durable sont diffusées, chacun en ce qui le concerne, par les Ministères sectoriels directement intéressés.

Les collectivités territoriales, et notamment les communes, peuvent être associées à cette diffusion.

CHAPITRE II
Des règles et procédures applicables pour la mise en compatibilité des investissements avec l'environnement

Section I
Des modalités de l'étude d'impact

Art. 11 - L'EIE, telle que visée aux articles 3 et 7, est effectuée aux frais et sous la responsabilité du promoteur. Son contenu est en relation avec l'importance des travaux et aménagements projetés et avec leurs incidences possibles sur l'environnement.

ny minisitera vokasiky ny sehatra, araka ny tolo-kevitry ny FTI, ny manam-pahefana eo an-toerana iorenana na avy amin'izy ireo ihany.

And. 8 - Ny FTI, miara-miasa amin'ny minisitera voakasiky ny sehatra no miandraikitra ny fanolorana ireo sanda ampara-faritra sy fenitra mikasika ny tontolo iainana fanaraka sy mamolavola ireo toro-làlana ara-teknika mikasika ny tontolo iainana na mandray anjara amin'ny famolavolana izany, isaky ny karazana lahasa dinihina. Izy no miantoka ny fizohiana sy ny fanombanana ny fampiharana ireo fenitra sy ny paika arahina amin'ny sehatra voakasika, voafaritra ho fampifaneranana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana.

And. 9 - Ireo sanda ampara-faritra no fetra farany azo ekena amin'ny fampielezana na fampitobiana singantaharo azo raisin'ny toerana mpandray iray. Ireo fetra farany sy fampitobiana ireo dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Ny fenitra dia fanovozan-kevitra ofisialy arahina avoakan'ny antokon-draharaha tsy miankina sy ekena iray

Ireo fenitra eto amin'ny firenena na iraisam-pirenena ary koa ireo toro-làlana mikasika ny tontolo iainana dia hampahafantarina ny vahoaka amin'ny fomba rehetra araka ny didy amam-pîtsipika manankery.

Ireo fenitra mikasika izany atolotr'ireo antokon-draharaha iraisam-pirenena iray tarika amin'ny firenena mikambana dia azo atao fanovozan-kevitra ankapobe, raha toa ka tsy misy namiteraka olana ireo fenitra misy eo amin'ny firenena.

And. 10 - Avy amin'ny fampirisihin'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana sy ny fanampiana ara-teknikan'ny FTI, ny vaovao sy ny vokatra rehetra ilaina mba hitantanana ny tontolo iainana ho amin'ny fampandrosoana maharitra ny mahaolona dia aelin'ny minisitera voakasiky ny sehatra liana mivantana, araka ny tandrify azy avy.

Ireo vondrom-bahoaka isam-paritra, ary indrindra ireo kaominina, dia afaka hampandraisina anjara amin'izany fampielezana izany.

TOKO II
Ny amin'ny fitsipika sy paika arahina ho fampifaneranana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana

Sokajy I
Ny amin'ny fombafomba fanadihadiana ny fiantraikany

And. 11 - Ny saran'ny FMFTI, araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-3 sy faha-7 dia iantohan'ny tompon-kevitra sy tanterahina eo ambany andraikitry ny tompon-kevitra. Ny votoatiny dia mifandray amin'ny alehiben'ny asa sy ny fanajariana kasaina hatao sy izay

Une directive, élaborée par l'ONE et dûment approuvée par le Ministère chargé de l'Environnement, précisera le contenu d'une EIE qui doit au moins comprendre :

1° Un document certifiant la situation juridique du lieu d'implantation du projet ;

2° Une description du projet d'investissement ;

3° Une analyse du système environnemental affecté ou pouvant être affecté par le projet ; cette analyse doit aboutir à un modèle schématique faisant ressortir les principaux aspects (statique ou dynamique, local ou régional) du système environnemental, en particulier ceux susceptibles d'être mis en cause par l'investissement projeté ;

4° Une analyse prospective des effets possibles sur le système précédemment décrit, des interventions projetées ;

5° Un Plan de Gestion Environnemental du Projet (PGEP) ;

6° Un résumé non technique rédigé en malagasy et en français, afin de faciliter la prise de connaissance par le public des informations contenues dans l'étude ; ce résumé joint à l'étude et qui en fait partie intégrante, indiquera en substance en des termes accessibles au public, l'état initial du site et de son environnement, les modifications apportées par le projet et les mesures envisagées pour pallier aux conséquences dommageables de l'investissement à l'environnement.

Les EIE des activités prévues sur un lieu concerné par un schéma d'aménagement ou des outils de planification locale ou régionale, dûment officialisés par des textes en vigueur, devront se conformer à ces schémas ou à ces documents de planification.

L'EIE, rédigée en malgache ou en français, doit faire ressortir en conclusion les mesures scientifiques, techniques, socio-économiques, matérielles envisagées pour supprimer, réduire et éventuellement, compenser les conséquences dommageables de l'investissement sur l'environnement. Ces mesures seront intégrées dans un Plan de Gestion Environnementale du Projet (PGEP) ci-dessus.

Art. 12 - Sur saisine du Ministère chargé de l'Environnement, de l'ONE, du Ministère sectoriel concerné ou du promoteur, toute personne physique ou morale intéressée, publique ou privée, peut contribuer à fixer le cadre du contenu et de l'étendue d'une EIE pour les activités prévues par l'article 4 du présent décret.

L'ONE est chargé d'inscrire les

mety ho fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana.

Toro-làlana, novolavolain'ny FTI sy nankatoavin'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana, no manoritra ny votoatin'ny FMFTI iray izay tokony ahitana fara-fahakeliny :

1° Tahirin-kevitra iray manamarina ny fitoetry ny tany iorenan'ny tetik'asa ;

2° Ny fanoritsoritana ilay tetik'asa fampiasam-bola ;

3° Ny famakafakana ny rafitra momba ny tontolo iainana voatohintohinna na mety ho voatohintohintohin'ilay tetik'asa ; io famakafakana io dia tokony hiafara amin'ny modely drafi-tsary amin'ny ambangovangony mampivoitra ireo endrin-java-dehibe (mari-toerana na mifampiantraika, eo an-toerana na eo amin'ny faritra) ny rafitra momba ny tontolo iainana, ka singanina amin'izany ireo izay mety ho voatohintonhin'ilay fampiasam-bola kasaina hatao ;

4° Ny famakafakan izahana ny mety ho vokatry ny zava-kasaina hatao eo amin'ny rafitra voalaza etsy ambony ;

5° Drafitra Itantanana ny tontolo Iainana momba ny tetik'asa (DITIT) ;

6° Famintinana tsy ara-teknika amin'ny teny malagasy na teny frantsay, mba hanamorana ny fandraisan'ny sarambaben'olona ireo vaovao voarakitra ao amin'ny fandinihina ; io famitinana io ampiarahina amin'ny fandinihina ary tafiditra ho iray ao aminy, no hanondro amin'ny teny mazava mora azon'ny vahoaka, ny toetry ny toerana sy ny tontolo iainana tany amboalohany, ny fanovana nentin'ny tetik'asa ary ny fepetra ho raisina mba hiarovana amin'ny voka-dratsy ateraky ny fampiasam-bola eo amin'ny tontolo iainana.

Ireo FMFTI mikasika ireo lahasa voalaza hatao amin'ny toerana voakasiky ny drafi-tsary fanajariana na ny fitaovam-piasana momba ny teti-pivoarana eo an-toerana na eo amin'ny faritra, nambara ampahibemaso tamin'ny rijan-teny manan-kery, dia tsy maintsy mifanaraka amin'ireo drafi-tsary na ireo tahirin-kevitra momba ny teti-pivoarana.

Ny FMFTI, ampandriana an-tsoratra amin'ny teny malagasy na teny frantsay, dia tsy maintsy mampivoitra amin'ny fehin-teny ireo fepetra ara-tsiantifika, ara-teknika, ara-toekarena sy sosialy ara-pitaovana heverina hanafoanana, hadefy ary raha ilaina, hanonerana ireo voka-dratsy ateraky ny fampiasam-bola eo amin'ny tontolo iainana. Ireo fepetra ireo dia hampidirina ao anatin'ny Drafitra Itantanana ny Tontolo Iainana momba ny Tetik'asa (DITIT) voalaza etsy ambony.

And. 12 - Amin'ny fampahafantarana ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana, ny FTI, ny minisitera voakasiky ny sehatr'asa na ny tompon-kevitra, ny vatatenan'olona na fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra rehetra liana, ara-panjakana na tsy miakina, dia afaka mandray anjara amin'ny famerana ny sehatry ny votoaty sy ny velatry ny FMFTI iray ho an'ireo lahasa voalaza ao amin'ny andininy faha-4 amin'ity didim-panjakana ity.

recommandations issues des différentes entités prévues par l'alinéa précédent pour l'élaboration des Termes de Référence (TDR) de l'EIE à mener. L'élaboration des TDR est faite par l'ONE, conjointement avec les cellules environnementales des Ministères sectoriels concernés et le promoteur.

Une directive fixera les conditions dans lesquelles les TDR d'une EIE sont soumises au Ministère chargé de l'Environnement par l'ONE.

Section II
De la procédure d'évaluation

A. De la demande d'évaluation

Art. 13 - Les conditions de recevabilité de toute demande d'évaluation de dossier des projets visés à l'article 4 du présent décret sont généralement les suivantes, à l'exception des cas particuliers de certains secteurs pour lesquels elles seront définies par voie réglementaire :

Dépôt à l'ONE :

- d'une demande écrite du promoteur adressée au Ministre chargé de l'Environnement,

- du rapport d'EIE dont le nombre d'exemplaires est précisé par voie réglementaire,
- du récépissé de paiement de la contribution de l'investisseur aux frais d'évaluation environnementale conformément à l'article 14 du présent décret,

- de toutes pièces justificatives du montant de l'investissement projeté.

Le dossier est déposé, contre accusé de réception, auprès de l'ONE.

La transmission du dossier aux entités compétentes pour l'évaluation prévues à l'article 23 du présent décret relève de l'ONE ou du Ministère chargé de l'Environnement.

Dans tous les cas, le délai d'évaluation court à compter de la date d'émission d'un avis de recevabilité du dossier par l'ONE.

Art. 14 - La contribution de l'investisseur aux frais d'évaluation de l'EIE est fixée selon les modalités prévues à l'Annexe III du présent décret.

Les frais d'évaluation sont versés par l'investisseur à un compte spécial ouvert à cet effet par l'ONE et acquittés avant toute évaluation environnementale de l'investissement. Les modalités d'utilisation de la

Ny FTI no miandraikitra ny fanoratana ireo toro-hevitra avy amin'ny antoko samihafa voalazan'ny andalana etsy aloha ho famolavolana ireo teny fitsiahy (TF) mikasika ny FMFTI izay hotanterahina. Ny famolavolana ireo TF dia ataon'ny FTI, miaraka amin'ireo sampana momba ny tontolo iainana any amin'ireo minisitera voakasiky ny sehatr'asa sy ny tompon-kevitra.

Toro-làlana no hamerana ireo fepetra hanoloran'ny FTI any amin'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana ireo TF mikasika ny FMFTI iray.

Sokajy II
Ny amin'ny paika arahina momba ny fanombanana

A. Ny amin'ny fangatahana fanombanana

And. 13 - Ireo fepetra azo andraisana ny fangatahana fanombanana ny antotan-taratasy mikasika ny tetik'asa voalaza ao amin'ny andininy faha-4 amin'ity didim-panjakana ity dia izay manaraka etoana amin'ny ankapobeny, afatsy ireo tranga manokana mikasika ny sehatra sasantsasany izay ny didy amam-pitsipika no mamaritra izany :

Fametrahana ao amin'ny FTI :

- ny fangatahana an-tsoratra ataon'ny tompon-kevitra alefa any amin'ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana,
- ny tatitra mikasika ny FMFTI ka ny isan'ny sosony dia ambara amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika,
- ny tapakila fanamarinana ny fandoavam-bola mikasika ny fandraisana anjaran'ny tompon-kevitra amin'ny saran'ny fanombanana momba ny tontolo iainana araka ny voalazan'ny andininy faha-14 amin'ity didim-panjakana ity,
- ny singan-taratasy rehetra fanamarinana ny tetibidin'ny fampiasam-bola kasaina hatao.

Ny antotan-taratasy dia apetraka, ka ahazoana tapakila naharaisana, ao amin'ny FTI.

Ny fampitana ny antotan-taratasy any amin'ireo vondrona mahefa voalazan'ny andininy faha-23 amin'ity didim-pitondrana mba ho fanombanana dia miankina amin'ny FTI na ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana.

Amin'ny trangan-javatra rehetra, ny fe-potoana fanombanana dia miatomboka amin'ny vaninandro andefasana ny filazana ny fahazoa-mandray ny antotan-taratasy avy amin'ny FTI.

And. 14 - Ny fandraisana anjaran'ny mpampiasa vola amin'ny saran'ny fanombanana ny FMFTI dia ferana araka ireo fombafomba voalaza ao amin'ny Tovana III amin'ity didim-panjakana.

Ny saran'ny fanombanana dia arotsaky ny mpampiasa vola ao amin'ny kaonty manokana sokafan'ny FTI ho amin'izany ary aloa alohan'ny fanombanana rehetra momba ny tontolo iainana mikasika ny fampiasam-bola. Ireo fombafomba fampiasana ny vola voaangona amin'izany, araka ny andraikitra voalaza ao

somme ainsi collectée, compte tenu des attributions prévues aux articles 23 et 24 du présent décret, seront fixées par voie réglementaire.

Cette contribution peut être comptabilisée en tant que frais d'établissement. Il en est de même en cas d'extension des investissements existants.

En cas d'investissement public ou privé échelonné, le calcul de la contribution aux frais d'évaluation par le promoteur de l'EIE peut être basé sur un ou plusieurs lots d'investissement. Toutefois, dans ce cas, l'évaluation ne peut porter que sur les lots concernés. Les autorités compétentes ne pourront en aucun cas être liées par les décisions relatives à ces premières évaluations pour la suite des évaluations restantes.

Les modifications de l'envergure effective du projet par rapport au projet initial peuvent nécessiter des mesures supplémentaires. Ces cas seront précisés par voie réglementaire.

B. De la participation du public à l'évaluation

Art. 15 - La participation du public à l'évaluation se fait soit par consultation sur place des documents, soit par enquête publique, soit par audience publique. Les résultats de la participation du public à l'évaluation constituent une partie intégrante de l'évaluation de l'EIE.

La décision sur la forme que prendra la participation du public à l'évaluation sera définie dans des directives techniques environnementales édictées par le CTE ou l'ONE, et notifiées au promoteur au moins quinze (15) jours avant l'évaluation par le public.

L'organisation d'audiences à divers niveaux (local, régional ou national) est laissée à l'appréciation du CTE ou de l'ONE. Dans tous les cas, les procédures à suivre sont celles prévues par les articles 16 à 21 du présent décret.

1. De la consultation sur place des documents

Art. 16 - La consultation sur place des documents consiste en un recueil des avis de la population concernée par l'autorité locale du lieu d'implantation.

Art. 17 - Les modalités pratiques de conduite de la consultation sur place des documents seront définies par voie réglementaire.

Toutefois, la durée de l'ensemble des procédures relatives à cette consultation ne

amin'ny andininy faha-23 sy faha-24 amin'ity didim-pitondrana ity, dia ho ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Izany fandraisana anjara izany dia azo soratana ao anaty bokim-bola ho toy ny saram-pananganana. Mitovy amin' izany ihany koa raha misy ny fanintarana ny fampiasam-bola efa natao.

Amin'ny fampiasam-bola ara-panjakana na an'olon-tsotra mitandahatra, ny fikajiana ny fandraisana anjaran'ny tompon-kevitra amin'ny saran'ny fanombanana ny FMFTI dia azo atao miainga avy amin'ny ampahana fampiasam-bola iray na maromaro. Na izany aza, aminio tranga io, ny fanombanana dia tsy atao afatsy amin'ny ampahany voakasika. Ireo mana-mahefa amin'izany, na ahoana na ahoana, dia tsy afaka ho voafatotry ny fanapahan-kevitra mikasika ny fanombanana voalohany amin'ireo fanombanana rehetra sisa mbola hatao.

Ny fanovana ny tena halehiben'ny tetik'asa raha oharina amin'ny tetik'asa tany amboalohany dia mety ilana fepetra fanampiny. Ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ireo tranga ireo.

B. Ny amin'ny fandraisana anjaran'ny vahoaka amin'ny fanombanana

And. 15 - Ny fandraisana anjaran'ny vahoaka amin'ny fanombanana dia, amin'ny alalan'ny fizahana eo an-toerana ny tahirin-kevitra, na famotopotorana atao amin'ny vahoaka, na fivoriana ampahibemaso. Ny vokatra azo avy amin'ny fandraisan'ny vahoaka anjara amin'ny fanombanana dia tafiditra tanteraka ao anatin'ny FMFTI.

Ny fanapahana ny amin'ny endrika andraisan'ny vahoaka anjara amin'ny fanombanana dia ho faritana amin'ny toro-làlana ara-teknika momba ny tontolo iainana raisin'ny KTF na ny FTI, ary ampahafantarina ny tompon-kevitra farafahakeliny dimy ambiny folo (15) andro mialoha ny fanombanana ataon'ny vahoaka.

Ny fandaminana ny fivoriana ampahibemaso amin'ny ambaratonga samihafa (eo an-toerana, ao amin'ny faritra, na eo amin'ny firenena) dia apetraka amin'ny fandanjalanjan'ny KTF na ny FTI. Amin'ny tranga rehetra, ny paika arahina dia ireo voalaza ao amin'ny andininy faha-16 sy faha-21 amin'ity didim-panjakana ity.

1. Ny amin'ny fizahana eo an-toerana ny tahirin-kevitra

And. 16 - Ny fizahana eo an-toerana ny tahirin-kevitra dia ny fanangonana ny hevitry ny fokonolona voakasika ataon'ny manam-pahefana eo an-toerana iorenana.

And. 17 - Ny fomba anatanterahina ny fitondrana ny fizahana eo an-toerana ny tahirin-kevitra dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Na izany aza, ny fe-potoana faharetan'ny paika arahina rehetra mikasika io fizahana io dia tsy tokony ho latsaka ny folo (10) andro na mihoatra ny telopolo (30) andro.

devrait pas être inférieure à dix (10) jours ni supérieure à trente (30) jours.

2. De l'enquête publique

Art. 18 - L'enquête publique consiste en un recueil des avis de la population affectée, par des enquêteurs environnementaux. Parallèlement aux procédures d'enquête publique, une consultation sur place des documents peut être menée auprès du public concerné.

Art. 19 - La conduite des opérations d'enquête publique est assurée par des enquêteurs, en collaboration avec les autorités locales du lieu d'implantation du projet.

Les personnes intéressées à l'opération, à titre personnel ou familial, en raison de leur fonction au sein du Ministère, de la collectivité, de l'organisme ou du service qui assure la maîtrise d'ouvrage, la maîtrise d'œuvre ou le contrôle de l'opération ne peuvent être désignées comme enquêteurs.

Les modalités pratiques de conduite de l'enquête publique seront définies par voie réglementaire.

Toutefois, la durée de l'ensemble des procédures relatives à cette enquête publique ne devrait pas être inférieure à quinze (15) jours ni supérieure à quarante cinq (45) jours.

3. De l'audience publique

Art. 20 - L'audience publique consiste en une consultation simultanée des parties intéressées. Chaque partie a la faculté de se faire assister par un expert pour chaque domaine. Parallèlement aux procédures d'audience publique, une consultation sur place des documents ou une enquête publique peut être menée auprès du public concerné.

Art. 21 - La conduite des opérations d'audience publique est assurée par des auditeurs, en collaboration avec les autorités locales du lieu d'implantation du projet.

Les personnes intéressées à l'opération, à titre personnel ou familial, en raison de leur fonction au sein du Ministère, de la collectivité, de l'organisme ou du service qui assure la maîtrise d'ouvrage, la maîtrise d'œuvre ou le contrôle de l'opération ne peuvent être désignées comme auditeurs.

Les modalités pratiques de conduite de l'audience publique seront définies par voie réglementaire.

Toutefois, la durée de l'ensemble des procédures relatives à cette audience publique ne devrait pas être inférieure à vingt cinq (25)

2. Ny amin'ny famotopotorana atao amin'ny vahoaka

And. 18 - Ny famotopotorana atao amin'ny vahoaka dia mifototra amin'ny fanangonana ny hevitry mponina voakasika izay ataon'ny manampahefana eo an-toerana iorenana.

And. 19 - Ny fitondrana ny lahasa famotopotorana atao amin'ny vahoaka dia iandraiketan'ny mpanadihady, miara-miasa amin'ny manam-pahefana eo an-toerana iorenan'ny tetik'asa.

Ireo olona liana amin'izany lahasa izany, ho an'ny tenany manokana na ny fianakaviany, noho ny asa sahaniny eo anivon'ny minisitera, vondrom-bahaoka, antokon-draharaha na ny sampan-draharaha miantoka ny fifehezana ny asa, ny fifehezana ny asa na ny fanaraha-maso ny lahasa dia tsy azo tendrena ho mpanadihady.

Ny fomba anatanterahina ny fitondrana ny fitondrana ny famotopotorana atao amin'ny vahoaka dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Na izany aza, ny fe-potoana faharetan'ny paika arahina rehetra mikasika io famotopotorana atao amin'ny vahoaka io dia tsy tokony ho latsaka ny dimy ambiny folo (15) andro na mihoatra ny dimy ambiny efapolo (45) andro.

3. Ny amin'ny fivoriana ampahibemaso

And. 20 - Ny fivoriana ampahibemaso dia mifototra amin'ny fizahana miaraka ny ankolafy rehetra liana. Ny ankolafy tsirairay dia afaka atrehin'ny manamahay manokana isaky'ny sehatra. Azo tanterahina miaraka amin'ny paika arahina momba ny fivoriana ampahibemaso koa ny fizahana eo an-toerana ny tahirin-kevitra na ny famotopotorana atao amin'ny vahoaka eo anivon'ny vahoaka voakasika.

And. 21 - Ny fitondrana ny lahasa momba ny fivoriana ampahibemaso dia iandraiketan'ireo mpihaino, miara-miasa amin'ny manam-pahefana eo an-toerana iorenan'ny tetik'asa.

Ireo olona liana amin'izany lahasa izany, ho an'ny tenany manokana na ny fianakaviany, noho ny asa sahaniny eo anivon'ny minisitera, vondrom-bahaoka, antokon-draharaha na ny sampan-draharaha miantoka ny fifehezana ny asa, ny fifehezana ny asa na ny fanaraha-maso ny lahasa dia tsy azo tendrena ho mpihaino.

Ny fomba anatanterahina ny fitondrana ny fitondrana ny fivoriana ampahibemaso dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Na izany aza, ny fe-potoana faharetan'ny paika arahina

jours ni supérieure à soixante dix (70) jours.

Section III
De l'évaluation environnementale

Art. 22 - L'évaluation environnementale consiste à vérifier si dans son étude, le promoteur a fait une exacte application des dispositions prévues aux articles 7 et 11 du présent décret, et si les mesures proposées pour prévenir et/ou corriger les effets néfastes prévisibles de l'investissement sur l'environnement sont suffisantes et appropriées.

L'évaluation environnementale doit également prendre en compte toutes les autres dimensions de l'environnement telles qu'elles ressortent de la consultation sur place des documents, de l'enquête ou de l'audience publique.

L'évaluation environnementale mettra en relief que le projet soumis est celui du moindre impact, les impacts anticipés pourraient être atténués et les impacts résiduels acceptables.

A. Des organes d'évaluation environnementale

Art. 23 - Un Comité Technique d'Evaluation *ad hoc* (CTE) est constitué pour l'évaluation de chaque dossier d'EIE. Ce Comité, nommé par décision du Ministre chargé de l'Environnement, sur proposition de l'ONE et du Ministère sectoriel concerné, est composé notamment de responsables des cellules environnementales des Ministères sectoriels concernés, de l'ONE, et du Ministère chargé de l'Environnement.

Le Ministère chargé de l'Environnement préside le CTE dont le Secrétariat est assuré par l'ONE.

Le CTE procède à l'évaluation administrative et technique d'un dossier d'EIE et délivre un avis technique. Pour l'évaluation du dossier d'EIE, le CTE peut, suivant la spécificité du dossier, faire appel à d'autres Ministères ou organismes environnementaux concernés par le Projet, ou solliciter, en tant que de besoin, le service d'autres experts.

Art. 24 - Tout ou partie des attributions du CTE en matière d'évaluation peuvent être, éventuellement, déléguées aux communes ou à des structures décentralisées des lieux d'implantation de l'investissement, suivant un cahier des charges qui spécifierait les obligations techniques et administratives de chaque partie.

Le choix des communes ou des structures décentralisées se fera notamment sur la base

rehetra mikasika io fivoriana ampahibemaso io dia tsy tokony ho latsaka ny dimy ambiny roapolo (25) andro na mihoatra ny fitopolo (70) andro.

Sokajy III
Ny amin'ny fanombanana momba ny tontolo iainana

And. 22 - Ny fanombanana momba ny tontolo iainana dia manamarina raha ao anatin'ny fanadihadiana nataony, ny tompokevitra dia nampihatra araka ny tokony ho izy ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-7 sy faha-11 entin'ity didim-panjakana ity, ary koa raha toa ny fepetra natolotra hisorohana sy/na hanitsiana ny voka-dratsy mety hiseho avy amin'ny fampiasam-bola eo amin'ny tontolo iainana ka ampy sy sahaza izany.

Ny fanombanana momba ny tontolo iainana dia tokony hijerana ihany koa ny zava-manandanja hafa ny tontolo iainana araka izay navoitry ny fizahana eo an-toerana ny tahirin-kevitra, ny fanadihadianan na ny fivoriana ampahibemaso

Ny fanombanana momba ny tontolo iainana no mampivoitra fa ny tetik'asa atolotra dia izay kely fiantraika indrindra, ny fiantraikany voajery mialoha dia mety hialefy ary ny fiantraika mitoetra dia azo ekena.

A. Ny amin'ny rantsa-manangaika ny fanombanana momba ny tontolo iainana

And. 23 - Hisy Komity Teknika momba ny Fanombanana manokana ho amin'izany (KTF) ho an'ny fanombanana ny antotan-taratasy mikasika ny FMFTI. Io komity io, izay tendrena amin'ny fanapahana ataon'ny minisitra miandraikitra ny tontolo iainana, araka ny tolo-kevitry ny FTI sy ny minisitera voakasiky ny sehatra, dia ahitana indrindra indrina ny ireo tomponandraikitry ny sampana momba ny tontolo iainana any amin'ireo minisitera voakasiky ny sehatra, ny FTI, sy ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana.

Ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana no mitondra ny KTF ary ny FTI no miandraikitra ny fitanana an-tsoratra.

Ny KTF dia misahana ny fanombanana ara-panjakana sy ara-teknika ny antotan-taratasy momba ny FMFTI ary manome ny hevitra ara-teknika.

Momba ny fanombanana ny antotan-taratasy mikasika ny FMFTI, ny FTI dia afaka, araka ny toetoetra mampiavaka ny antotan-taratasy, miantso ny minisitera hafa na sampan-draharaha mikasika ny tontolo iainana voakasik'ilay tetik'asa, na mangataka, raha ilaina izay, ny fanampian'ny manamahay hafa.

And. 24 - Ny asa na ampahan'asan'ny KTF ny amin'ny fanombanana dia mety ho azo afindra amin'ny kaominina na ireo rafitra itsinjaram-pahefana misy ireo toerana iorenan'ny fampiasam-bola, araka ny bokin' izay andraikitra izay mamaritra ny andraikitra ara-teknika sy ara-panjakana ny ankolafy tsirairay.

Ny fisafidianana ny kaominina na ny rafitra itsinjaram-pahefana dia mifototra indrindra indrindra amin'ny

de leurs compétences propres, de leur structure administrative, de l'existence de services compétents dans leurs circonscriptions.

En ce qui concerne les investissements situés en zones urbaines, les attributions environnementales des Communes définies dans ce Décret peuvent être transférées aux Fokontany par les autorités compétentes et sur proposition du Ministre chargé de l'Environnement qui peut recevoir à cet effet l'avis du CTE ou de l'ONE.

B. Du délai d'évaluation

Art. 25 - Le rapport d'évaluation et l'avis correspondant devront parvenir au Ministère chargé de l'Environnement au plus tard soixante (60) jours à compter de la réception des dossiers complets émanant du promoteur, dans le cas d'enquête publique ou de consultation sur place des documents.

Pour les dossiers à audiences publiques, le délai requis est de cent vingt (120) jours au maximum.

Toutefois, aux délais ci-dessus sont rajoutés les temps de réponse des promoteurs si le CTE leur adresse pendant le temps de son évaluation, tel que prévu aux alinéas 1 et 2 du présent article des questions ou des demandes d'informations supplémentaires. Le CTE dispose en outre d'un délai de dix (10) jours à compter de la réception de ces informations supplémentaires pour leur analyse.

Art. 26 - Pour les activités visées à l'article 4.2 d'une certaine envergure à définir par voie réglementaire et celles visées à l'article 4.3, il est possible d'établir, après avis de l'ONE et du Ministre chargé du secteur concerné, une convention spécifique entre le Ministre chargé de l'Environnement et le promoteur, quant aux délais et aux procédures de l'évaluation.

C. De l'octroi du permis environnemental

Art. 27 - Dans les quinze (15) jours ouvrables à compter de la réception du rapport d'EIE, du rapport d'évaluation par le public et de l'avis technique d'évaluation du CTE, le Ministre chargé de l'Environnement doit se prononcer sur l'octroi ou non du permis environnemental.

Il peut demander à l'ONE ou au CTE une (ou des) séance(s) d'explication technique du dossier.

Le permis environnemental est inséré dans toute demande d'autorisation, d'approbation ou

fahaiza-manaon'izy ireo manokana, ny rafitra ara-panjakana, ny fisian'ny sampan-draharaha mahefa eo amin'ny fizaram-paritra misy azy.

Ny momba ny fampiasam-bola miorina eny amin'ny faritra an-tanan-dehibe, ny anjara andraikitry ny kaominina momba ny tontolo iainana voafaritra amin'ity didim-panjakana ity dia azon'ny manamahefa hafindra amin'ny Fokontany,araka ny tolokevitry ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana izay afaka mandray amin'izany ny hevitry ny KTF na ny FTI.

B. Ny amin'ny fe-potoana anaovana ny fanombanana

And. 25 - Ny tatitra momba ny fanombanana sy ny tolo-kevitra mikasika izany dia tokony ho tonga any amin'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana farafahatarany enimpolo (60) andro manomboka ny vaninandro nandraisana ny antotan-taratasy feno avy amin'ny tompon-kevitra, raha ny amin'ny famotopotorana atao amin'ny vahoaka na ny fizahana eo an-toerana ny tahirin-kevitra.

Ho an'ny antotan-taratasy mikasika ny fivoriana ampahibemaso, ny fe-potoana takina dia roapolo amby zato (120) andro raha be indrindra.

Na izany aza,amin'ny fe-potoana voalaza etsy ambony dia ampiana ny fotoana amalian'ny tompokevitra, raha nandritra ny fanombanana nataon'ny KTF dia nandefa tany amin'izy ireo, araka ny voalazan'ny andalana 1 sy 2 amin'ity andininy ity, fanontaniana na fangatahina fanampim-panazavana ny KTF. Ny KTF dia manana ankoatra izany fe-potoana folo (10) andro manomboka ny vaninandro nandraisana ireo fanampim-panazavana ireo ho fandinihany.

And. 26 - Momba ny lahasa voalazan'ny andininy 4.2 mahenika sehatr'asa maro izay faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika sy ireo voalazan'ny andininy.4.3, dia azo atao ny mamolavola, rahefa nanome ny heviny ny FTI sy ny Minisitra miandraikitra ny sehatr'asa voakasika, fifanarahana manokana ho amin'izany eo emin'ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana sy ny tompon-kevitra, ny amin'ny fe-potoana sy ny paika arahina momba ny fanombanana.

C. Ny amin'ny fanomezana ny fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana

And. 27 - Ao anatin'ny 15 andro fivohan'ny birao manomboka ny vaninandro nandraisana ny tatitra mikasika ny FMFTI, ny tatitra momba ny fanombanana nataon'ny vahoaka sy ny hevitra ara-teknika momba ny fanombanana nataon'ny KTF, ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana dia manapa-kevitra ny amin'ny anomezana na tsia ny fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana.

Afaka mangataka fivoriana, iray na maromaro, fanazavana ara-teknika ny antotan-taratasy izy.

Ny fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana dia

d'agrément des travaux, ouvrages et aménagements projetés.

D. Des procédures de recours

Art. 28 - Outre les procédures de droit commun, en cas de refus motivé et dûment notifié de délivrance du permis environnemental par le Ministre chargé de l'Environnement, le promoteur peut solliciter le CIME pour un deuxième examen de son dossier. Le résultat de cette contre-expertise de l'évaluation servira de nouvelle base au Ministre chargé de l'Environnement pour se prononcer sur l'octroi ou non du permis environnemental.

Le CIME, assisté d'un groupe d'experts de son choix, disposera d'un délai de trente (30) jours pour le contrôle de l'évaluation effectuée et transmettra les résultats de ses travaux au Ministre chargé de l'Environnement qui devra se prononcer dans un délai de dix (10) jours ouvrables au maximum à compter de la réception du dossier y afférent.

En cas de nouveau refus, le recours aux institutions environnementales n'est plus recevable.

CHAPITRE III
Du suivi et du contrôle

Art. 29 - L'exécution du PGEP consiste en l'application par le promoteur, pendant la durée de vie du projet, des mesures prescrites pour supprimer, réduire et éventuellement compenser les conséquences dommageables sur l'environnement.

Le suivi de l'exécution du PGEP consiste à vérifier l'évolution de l'état de l'environnement ainsi que l'efficacité des mesures d'atténuation et des autres dispositions préconisées par ledit PGEP.

Le contrôle est une activité qui vise à assurer que le promoteur respecte, tout au long du cycle du projet, ses engagements et ses obligations définis dans le PGEP, et à l'octroi de sanctions en cas d'inapplication de ceux-ci.

Art. 30 - Si par suite d'un bouleversement de l'équilibre environnemental, les mesures initialement prises se révèlent inadaptées, l'investisseur est tenu de prendre les mesures d'ajustement nécessaires en vue de la mise en compatibilité permanente de ces investissements avec les nouvelles directives et les normes environnementales applicables en la matière.

ampiarahina amin'ny fangatahina rehetra momba ny fanomezan-dalana, fankasitrahana na fankatoavana ny asa, taozavatra sy fanajariana kasaina atao.

D. Ny amin'ny paika arahina momba ny fampakaran-draharaha

And. 28 - Ankoatra ny paika arahina amin'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka, raha misy ny fandavana arahina antony sy nampahafantarina mazava ny fanomezana ny fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana nataon'ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana, ny tompon-kevitra dia afaka mangataka amin'ny KIMTI ny handinihana fanindroany indray ny antotan-taratasiny. Ny vokatr'izany famerenam-pandinihana momba ny fanombanana izany no fototra vaovao anapahan'ny Minisitra miandrakitra ny tontolo iainana hevitra ny amin'ny anomezana na tsia ny ny fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana.

Ny KIMTI, atrehina vondronà manamahay nofinidiny, dia manana fe-potoana telopolo (30) andro ho fanaraha-maso ny fanombanana izay natao, ary mampita ny vokatry ny asany any amin'ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana izay tsy maintsy manapa-kevitra ao anatin'ny folo (10) andro fivohan'ny birao raha ela indrindra manomboka ny vaninandro nandraisana ny antotan-taratasy mikasika izany.

Raha misy ny fandavana vaovao indray, ny fampiakarana any amin'ireo andrim-pitondrana momba ny tontolo iainana dia tsy azo raisina intsony.

TOKO III
Ny amin'ny fizohina sy ny fanaraha-maso

And. 29 - Ny fanatanterahana ny DITIT dia ny fampiharan'ny tompon-kevitra, mandritra ny faharetan'ny fe-potoana iainan'ny tetik'asa, ny fepetra arahina hanafoanana, hampihenana na mety anonerana ny voka-dratsy eo amin'ny tontolo iainana.

Ny fizohiana ny fanatanterahana ny DITIT dia ny fanamarinana ny fivoaran'ny toetry ny tontolo iainana ary koa ny fahombiazan'ireo fepetra fanalefahana sy fepetra hafa natolotr'io DITIT io.

Ny fanaraha-maso dia ny asa atao mba ahazoana antoka fa ny tompon-kevitra dia manaja, amin'ny vanim-potoana rehetra ny tetik'asa, ny fanomezan-toky sy ny adidiny voafaritra ao amin'ny DITIT, sy ny fanomezana sazy raha toa ka tsy nisy ny fampiharana azy ireo.

And. 30 - Raha misy ny fikorontanan'ny firindran'ny tontolo iainana, ka tsapa fa tsy mifanentana intsony ny fepetra rehetra noraisina tany ampiandohana, ny mpampiasa vola dia tsy maintsy mandray ny fepetra fanitsiana rehetra ilaina mba ho fampifaneranana maharitra ny fampiasam-bola miaraka amin'ny toro-marika vaovao sy ireo fenitra momba ny tontolo iainana azo ampiharina amin'izay.

Ny fanapahana dia raisain'ny manamahefa ara-

La décision sera prise par l'autorité matériellement ou sectoriellement compétente conjointement avec le Ministre chargé de l'Environnement, sur proposition du CTE et avec l'appui technique de l'ONE. La décision précisera les nouvelles mesures correctrices et/ ou compensatoires retenues ainsi que le délai d'exécution qui ne pourra dépasser les trois ans.

Avant la fermeture du projet, le promoteur doit procéder à un audit environnemental dont les modalités de mise en œuvre seront définies par voie réglementaire. Cet audit est soumis à l'ONE pour évaluation, dont le résultat servira de base à la délivrance d'un quitus environnemental par le Ministère chargé de l'Environnement.

L'obtention du quitus environnemental est nécessaire pour dégager la responsabilité environnementale du promoteur envers l'Etat.

Art. 31 - En cas de cession, le cessionnaire se trouve subrogé dans les droits, avantages et obligations du cédant.

Si des modifications sont apportées par le cessionnaire au projet initial, une nouvelle étude d'impact obéissant aux règles et procédures prévues par le présent texte est requise si les modifications, additifs ou rectificatifs impliquent une modification des mesures prises en matière de protection de l'environnement.

Art. 32 - L'exécution du PGEP relève de la responsabilité du promoteur.

Le promoteur adresse les rapports périodiques de l'exécution du PGEP au Ministère chargé de l'Environnement, au Ministère de tutelle de l'activité concernée, à l'ONE avec ampliation au Maire de la Commune d'implantation.

Art. 33 - Pour les projets visés à l'article 4 du présent décret, les travaux de suivi et de contrôle sont assurés conjointement par le Ministère chargé de l'Environnement, le Ministère de tutelle de l'activité concernée, et l'ONE, qui peuvent, en cas de nécessité dictée par la spécificité et l'envergure du projet, solliciter le service d'autres entités ou experts.

Pour les projets visés à l'article 5 du présent décret, les travaux de suivi et de contrôle relèvent des cellules environnementales des Ministères sectoriels concernés qui enverront les rapports y afférents au Ministère chargé de l'Environnement et à l'ONE.

Dans tous les cas, les autorités locales des lieux d'implantation de ces projets seront associées aux travaux de suivi et de contrôle, et le cas échéant, les organismes environnementaux concernés par lesdits projets.

pitaovana na araka ny sehatra miaraka amin'ny Minisitra miandrakitra ny tontolo iainana, araka ny tolokevitry ny KTF sy ny fanampiana ara-teknikan'ny FTI. Ny fanapahana no manondro mazava ireo fepetra vaovao fanitsiana na/sy fanonerana voatazona ary koa ny fepotoana fanatanterahana izay tsy afaka mihoatra ny telo taona.

Alohan'ny hifaranan'ny tetik'asa, ny tompon-kevitra dia tsy maintsy manao ny fanamarinam-bokatra momba ny tontolo iainana ka ny fombafomba entina manatanteraka izany dia hofaritana amin'ny alalan'ny didy amampitsipika. Io fanamarinam-bokatra io dia atolotra ny FTI ho fanombanana, ka ny valiny no ho fototra hanomezan'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana ny fanafahana andraikitra momba ny tontolo iainana.

Ny fahazoana ny fanafahana andraikitra momba ny tontolo iainana dia ilaina ho fanesorana ny mahatompon'andraikitra momba ny tontolo iainana ny tompon-kevitra eo anoloan'ny Fanjakana.

And. 31 - Raha misy ny fivarotana, ny mpandray dia misolo ny mpanolotra ny amin'ny zo, tombontsoa ary andraikiny.

Raha mitondra fanovana amin'ny tetik'asa tany ampiandohana ny mpandray, dia takiana ny fanadihadiana vaovao momba ny fiantraikany manoa ny fitsipika sy ny paika arahina voalazan'ity rijan-teny ity raha ny fanovana, fanampiana na fanitsiana dia mitarika fiovan'ny fepetra noraisina amin'ny fiarovana ny tontolo iainana.

And. 32 - Ny fanatanterahana ny DITIT dia eo ambany fiadidian'ny tompon-kevitra.

Ny tompon-kevitra dia mandefa ny tatitra isam-banim-potoana ny fanatanterahana ny DITIT any amin'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana, ny minisitera miahy ny lahasa voakasika ny FTI miaraka amin' ny tahadika any amin'ny Ben'ny tanàna iorenana.

And. 33 - Ho an'ireo tetik'asa voalaza ao amin'ny andininy faha-4 amin'ity didim-panjakana ity, ny asa fizohiana sy fanaraha-maso dia miaraka iandraiketan'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana, ny minisitera miahy ny lahasa voakasika ary ny FTI, izay afaka, raha misy ilaina izany noho ny toetoetra manokana sy ny halehiben'ny tetik'asa, mangataka ny fanampian'ny vondrona hafa na manamahay.

Ho an'ireo tetik'asa voalaza ao amin'ny andininy faha-5 amin'ity didim-panjakana ity, ny asa fizohiana sy ny fanaraha-maso dia iandraiketan'ny sampana momba ny tontolo iainana any amin'ireo minisitera voakasiky ny sehatra, izay mandefa ireo tatitra mikasika izany any amin'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana.

Amin'ny trangan-javatra rehetra, ireo manam-pahefana eo an-toerana izay iorenan'ny tetik'asa dia handray anjara amin'ny asa fizohiana sy fanaraha-maso, ary raha misy izany, ireo sampan'asa aman-draharaha momba ny tontolo iainana voakasiky ny tetik'asa

CHAPITRE IV
Des manquements et sanctions

Art. 34 - Constituent des manquements susceptibles de faire encourir des sanctions à l'auteur :

- le non respect du plan de gestion environnementale du projet (PGEP) ;
- le fait pour tout investisseur d'avoir entrepris des travaux, ouvrages et aménagements tels qu'ils sont définis à l'article 4 et à l'Annexe I du présent décret, sans obtention préalable du permis environnemental y afférent ;
- le fait pour tout investisseur d'avoir entrepris des travaux, ouvrages et aménagements tels qu'ils sont définis à l'article 5 et à l'Annexe II du présent décret, sans approbation préalable du PREE y afférent;
- le fait par tout investisseur de s'être abstenu de prendre les mesures de correction et/ou de compensation prescrites en cas de manquement dûment constaté ;
- l'inexécution totale ou partielle dans le délai prescrit des mesures de mise en conformité de l'investissement avec l'environnement.

Art. 35 - En cas de non-respect du PGEP, le Ministère chargé de l'Environnement ou le Ministère sectoriel compétent adresse à l'investisseur fautif un avertissement par lettre recommandée.

Si l'investisseur néglige de régulariser la situation ou s'abstient de le faire dans un délai de trente (30) jours après la notification du premier avertissement, un nouvel avertissement lui est signifié lequel sera accompagné de l'une ou des sanctions prévues à l'article suivant.

Art. 36 - Le Ministre chargé de l'Environnement, en concertation avec le Ministère sectoriel compétent et la Commune concernée, peut prononcer les sanctions suivantes :

- injonction de remise en état des lieux conformément aux normes environnementales ;
- injonction de procéder dans un délai préfixé à la mise en œuvre de mesures de correction et de compensation sous peine d'astreintes ;
- suspension ou retrait du permis environnemental ;
- suspension d'activité, conformément aux dispositions de l'article 7 alinéa 2.

Indépendamment de ce retrait du permis environnemental, le Ministère sectoriel

TOKO IV
Ny amin'ny fandikana sy ny famaizana

And. 34 - Ny fandikana mety ahazoan'izay nanao izany sazy dia :

- ny tsy fanajana ny drafitra itantanana ny tontolo iainana momba ny tetik'asa (DITIT) ;
- ny fanatanterahan'ny tompon-kevtra ireo asa, tao-zavatra sy fanajariana izay voafaritra ao amin'ny andininy faha-4 sy ny tovanaI amin'ity didim-panjakana ity, ka tsy nahazoana mialoha ny fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana mikasika izany ;
- ny fanatanterahan'ny tompon-kevtra ireo asa, tao-zavatra sy fanajariana izay voafaritra ao amin'ny andininy faha-5 sy ny tovana II amin'ity didim-panjakana ity, ka tsy nahazoana fankatoavana mialoha ny FITI mikasika izany ;
- ny tsy fandraisan'ny tompon-kevitra fepetra fanitsiana sy/na fanonerana voalaza arahina raha misy ny fandikana hita fototra mazava ;
- ny tsy fanatanterahana manontolo na amin'ny ampahany ny fe-potoana voalaza arahin'ireo fepetra ho fampifananarahana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana.

And. 35 - Raha toa ka tsy voahaja ny DITIT, ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana na ny minisitera voakasiky ny sehatra mahefa dia mandefa any amin'ny mpampiasa vola manana ny fahadisoana fampitandremana an-taratasy tsy very mandeha.

Raha manao tsirambina ny fanarenana ny toe-javatra ny mpampiasa vola na tsy manao izany ao anatin'ny telopolo (30) andro aorian'ny fampahafantarana ny fampitandremana voalohany, dia omena fampitandremana vaovao izy ka ampiarahina ny iray amin'ny sazy voalazan'ny andininy manaraka etoana izany.

And. 36 - Ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana, miaramidinika amin'ny minisitera voakasiky ny sehatra mahefa sy ny kaominina voakasika, dia afaka manambara ny sazy manaraka etoana :

- baiko fanerena ny famerenana amin'ny tokony ho izy ny toerana araka ny fenitra momba ny tontolo iainana ;
- baiko fanerena hanatanteraka ao anatin'ny fe-potoana voafetra mialoha ireo fepetra fanitsiana sy fanonerana raha tsy izany dia saziana handoa vola isaky ny andro iray fahatarana amin'izany fe-potoanan izany ;
- fampiatoana na fisitonana ny fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana ;
- fampiatoana ny asa atao, araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-7 andalana 2.

Ambonin'io fisitonana ny fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana io, ny minisitera voakasiky ny sehatra tompon'andraikitra dia afaka manambara :

- ny fanajanonana ireo asa eo an-dalam-

responsable peut prononcer :

- l'arrêt des travaux en cours ;

- la fermeture temporaire ou définitive de l'établissement.

Art. 37 - Les sanctions administratives prononcées par l'autorité légalement compétente et les pénalités assortissant la réglementation environnementale en vigueur, ne portent pas préjudice à l'application des sanctions complémentaires prévues par les dispositions des textes réglementaires en vigueur au niveau des secteurs concernés.

CHAPITRE V
Dispositions transitoires

Art. 38 - Tout investissement en cours au jour de la publication du présent décret et rentrant dans les catégories visées à l'article 4 du présent décret, doit s'ajuster aux directives et normes de gestion rationnelle de l'environnement mentionnées à l'article 7 du présent décret.

Sont considérés comme investissements en cours, les investissements pour lesquels le dossier complet de demande d'autorisation, d'approbation ou d'agrément est déjà déposé selon les prescriptions légales ou réglementaires en vigueur.

Dans les neuf (9) mois suivant la sortie du présent décret, les promoteurs concernés sont tenus d'en faire la déclaration au Ministère chargé de l'Environnement, avec copie à l'ONE, et de faire connaître, compte tenu des directives et normes environnementales applicables pour les types d'investissement considéré, les mesures déjà prises, en cours ou envisagées pour la protection de l'environnement.

La déclaration accompagnée de tout document utile, doit faire ressortir les moyens permettant le suivi, l'évaluation et le contrôle de l'investissement.

La déclaration qui vaut demande d'évaluation est établie et déposée suivant les mêmes procédures qu'une demande d'évaluation d'une EIE.

Art. 39 - L'évaluation environnementale des dossiers visés à l'article 38 précédent est faite par le CTE suivant les mêmes procédures qu'une évaluation d'une EIE.

Le CTE peut demander à l'investisseur tout élément d'informations complémentaires ou même prescrire une nouvelle étude environnementale.

panatanterahana ;

- ny fanakatonana vonjimaika na tanteraka ny orinasa.

And. 37 - Ny famaizana ara-panjakana ambaran'ny manamahefa ara-dalàna sy ny sazy araka ny didy amam-pitsipika momba ny tontolo iainana manankery, dia tsy misy fiantraikany amin'ny famaizana fanampiny voalazan'ny fepetra ao amin'ireo rijan-teny momba ny didy amam-pitsipika manankery amin'ny antoana misy ny sehatra voakasika.

TOKO V
Fepetra tetezamita

And. 38 - Ny fampiasam-bola hamokarana rehetra efa an-dalam-panatanterahana amin'ny andro amoahana izao didim-panjakana izao ka tafiditra ao anatin'ny sokajy voasoritra ao amin'ny andininy faha-4 amin'izao didim-panjakana izao, dia tsy maintsy manao izay hifanojoany amin'ny toro-marika sy feni-pitatanana araka ny tokony ho izy ny tontolo iainana voalaza ao amin'ny andininy faha-7 amin'izao didim-pajakana izao.

Heverina ho fampiasam-bola an-dalam-panatanterahana, ny fampiasam-bola, izay ny antotan-taratasy feno momba ny fangatahana fanomezan-dalana, fankasitrahana na fankatoavana dia efa napetraka araka ny fepetra voalazan'ny didy aman-dalàna na ny fitsipika manankery.

Ao anatin'ny sivy (9) volana manaraka ny ivoahan'izao didim-panjakana izao, ireo tompon-kevitra voakasika dia tsy maintsy manao fanambarana izany any amin'ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana, sy mandefa ny tahadika any amin'ny FTI ary mampahafantatra, araka ny toromarika sy ny fenitra momba ny tontolo iainana ampiharina amin'ny karazana fampiasam-bola heverina, ireo fepetra efa noraisina, eo ampanatanterahina na ho raisina mba hiarovana ny tontolo iainana.

Ny fanambarana ampiarahina amin'ny taratasy rehetra ilaina, dia tsy maintsy mampivoitra ireo fomba rehetra nahafana nanatanteraka ny fizohiana, ny fanombanana ary ny fanaraha-maso ny fampiasam-bola.

Ny fanambarana izay azo raisina ho fangatahina fanombanana dia volavolaina sy apetraka araka ny paika arahina mitovy amin'ny fangatahina fanombanana ny FMFTI.

And. 39 - Ny fanombanana momba ny tontolo iainana mikasika ny antotan-taratasy voalaza ao amin'ny andininy faha-38 etsy aloha dia tanterahin'ny KTF araka ny paika arahina mitovy amin'ny fangatahina fanombanana ny FMFTI.

Ny KTF dia afaka mangataka amin'ny mpampiasa vola ny fanampim-pahazavana rehetra na koa mampanao fanadihadiana vaovao momba ny tontolo iainana.

Misy ny taratasy fanamarinam-pifanarahana omena aorian'ny fanombatombanana nahitam-bokatra mikasika ny fangatahina fankatoavana mikasika ny tontolo iainana.

Un certificat de conformité est délivré à l'issue d'une évaluation positive d'une demande d'agrément environnemental.

Le PGEP issu de la demande d'agrément environnemental est suivi et contrôlé suivant les dispositions prévues par les articles 29 à 33.

Art. 40 - Dans les quinze (15) mois suivant la sortie du présent décret, les promoteurs de toutes les activités en cours visées à l'article 5 du présent décret sont tenus de présenter au Ministère sectoriel compétent, une demande d'agrément environnemental suivant les mêmes procédures qu'une demande d'évaluation d'un PREE.

L'analyse du dossier d'évaluation incombe à la cellule environnementale du Ministère de tutelle de l'activité qui délivre, à l'issue d'une évaluation positive, un agrément environnemental et envoie les rapports y afférents au Ministère chargé de l'Environnement avec copie à l'ONE.

Art. 41 - La mise en conformité de tous les projets d'investissement en cours, selon les déclarations ou demandes d'agrément environnemental y afférentes, ne peut excéder une période de trois (3) ans. Toutefois, si les activités en cours entraînent des préjudices objectifs, des mesures conservatoires seront prononcées conjointement par le Ministre chargé de l'Environnement et le Ministre sectoriellement compétent.

Copie de la décision est communiquée à l'autorité locale du lieu d'implantation pour information.

Ces dispositions ne portent pas préjudice à l'application des dispositions des textes réglementaires en vigueur au niveau des secteurs concernés.

Art. 42 - Le promoteur qui, après avoir fait l'objet d'un rappel par lettre recommandée des autorités compétentes, ne se conforme pas aux présentes dispositions, et ne présente pas la demande d'agrément environnemental exigé encourt les sanctions prévues à l'article 36 du présent décret.

CHAPITRE V
Dispositions diverses

Art. 43 - Sont et demeurent abrogées toutes dispositions réglementaires antérieures contraires au présent décret, notamment celles du décret n° 95-377 du 23 mai 1995 relatif à la mise en compatibilité des investissements avec

Ny DITIT avy amin'ny fangatahina fankatoavana mikasika ny tontolo iainana dia zohiana sy arahi-maso araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-29 ka hatramin'ny faha-33.

And. 40 - Ao anatin'ny dimy ambiny folo (15) andro manaraka ny famoahana ity didim-panjakana ity, ireo tompon-kevitra amin'ny lahasa rehetra efa andalàm-panatanterahana voalaza ao amin'ny andininy faha-5 amin'ity didim-panjakana ity dia tsy maintsy dia tsy maintsy manolotra any amin'ny minisitera voakasiky ny sehatra mahefa, fangatahina fankatoavana mikasika ny tontolo iainana araka ny paika arahina mitovy amin'ny fangatahina fanombanana ny DITIT.

Ny famakafakana ny antotan-taratasy momba ny fanombatombanana dia andraikitry ny sampana momba ny tontolo iainana ao main'ny minisitera miahy ny lahasa ary manome, aorian'ny fanombatombanana ahitam-bokatra, ny fankatoavana mikasika ny tontolo iainana ary mandefa ireo tatitra mikasika izany any amin'ny minisitera miandraiktra ny tontolo iainana sy ny taha-dika any amin'ny FTI.

And. 41 - Ny fifampifanarahana ireo tetik'asa rehetra eo andalàm-panatanterahana, araka ireo fanambaranana fangatahina fakatoavana momba ny tontolo iainana mikasika izany, dai tsy tsy afa-mihoatra ny fe-potoana telo (3) taona. Na izany aza, raha ireo tetik'asa rehetra eo andalàm-panatanterahana dia miteraka fahavoazana, dia hisy ny fepetra tsy ahazoa-mikitika miaraka ambaran'ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana sy ny Minisitra mahefa voakasiky ny sehatra.

Ampitaina any amin'ny manam-pahefana eo an-toerana iorenana mba ho fampahafantarana ny tahadikan'ny fanapahana.

Ireo fepetra ireo dia tsy misy fiantraikany amin'ny fampiharana ireo fepetra amin'ny rijan-teny mikasika ny didy amam-pitsipika manankery amin'ny antoana misy ny sehatra voakasika.

And. 42 - Ny tompon-kevitra, rahefa avy nandefasan'ny manamahefa taratasy fampahatsiahivana amin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha, izay tsy manaraka ireo fepetra rehetra voalaza etoana, ary tsy mampiseho ny fangatahina fankatoavana mikasika ny tontolo iainana izay takina dia mety ahazo ny sazy voalaza ao amin'ny andininy faha-36 amin'ity didim-panjakana ity.

TOKO V
Fepetra samihafa

And. 43 - Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra mifanohitra amin'izao didim-panjakana izao indrindra ireo ao amin'ny didim-panjakana laharana faha 95-377 tamin'y 23 may 1995 mikasika ny fampifaneranana ny fampiasam-nola amin'ny tontolo iainana.

l'environnement.

Art. 44 - Des textes réglementaires fixeront, en tant que de besoin, les modalités d'application du présent décret, notamment dans le cas de certains secteurs où des arrêtés conjoints des ministres chargés respectivement de l'environnement et du secteur concerné devront en préciser les modalités particulières d'application.

And. 44 - Ny rijan-teny mikasika ny didy amam-pitsipika no hamaritra, araka izay ilana izany, ireo fombafomba fampiharana ity didim-panjakana ity, indrindra ho an'ireo sehatra sasantsasany izay didim-pitondrana miaraka raisin'ireo Minisitra miandraikitra avy ny tontolo iainana sy ny sehatra voakasika no milaza mazava ireo fombafomba fampiharana izany manokana.

Art. 45 - Le Vice-Premier Ministre chargé du Budget et du Développement des Provinces Autonomes, le Ministre des Finances et de l'Economie, le Ministre de la Justice, Garde des Sceaux, le Ministre de l'Intérieur, le Ministre de la Santé, le Ministre des Travaux Publics, le Ministre de l'Aménagement du Territoire et de la Ville, le Ministre de l'Agriculture, le Ministre de la Pêche et des Ressources Halieutiques, le Ministre du Tourisme, le Ministre des Eaux et Forêts, le Ministre de l'Energie et des Mines, le Ministre de l'Industrie et de l'Artisanat, le Ministre de l'Elevage, le Ministre de la Recherche Scientifique et le Ministre de l'Environnement sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République de Madagascar.

And. 45 - Ny Praiminisitra lefitra miandraikitra ny tetibola sy ny fampandrosoana ny faritany mizaka tena, ny Minisitry ny fitatanam-bola sy ny toekarena, ny Minisitry ny fitsarana, mpitahiry ny tombokasem-panjakana, ny Minisitry ny atitany, ny Minisitry ny fahasalamana, ny Minisitry ny asa vaventy, ny Minisitry ny fanajariana ny tany sy ny tanan-dehibe, ny Minisitry ny fambolena, ny Minisitry ny Minisitry ny fanjonoana sy ny haren'ny ati-rano, ny Minisitry ny fizahan-tany, ny Minisitry ny rano sy ny ala, ny Minisitry ny angovo sy ny harena an-kibon'ny tany, ny Minisitry ny fampiroboroboana ny indostria sy ny asa-tanana, ny Minisitry ny fiompiana, ny Minisitry ny fikarohana siatifika ary ny Minisitry ny tontolo iainana no miandraikitra araka ny tandrify azy avy ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao izay avoaka amin'ny *Gazetim-panjakan*'ny Repoblikan'i Madagasikara.

ANNEXE I
au décret n° 99-954 du 15 décembre 1999 fixant les nouvelles dispositions relatives à la mise en compatibilité des investissements avec l'environnement

PROJETS OBLIGATOIREMENT SOUMIS A ETUDE D'IMPACT ENVIRONNEMENTAL (EIE)

Sont soumises à l'étude d'impact environnemental toutes activités citées ci-dessous ou atteignant l'un des seuils suivants :

- Tous aménagements, ouvrages et travaux pouvant affecter les zones sensibles ;
- Tout plan, programme ou politique pouvant modifier le milieu naturel ou l'utilisation des ressources naturelles, et/ou la qualité de l'environnement humain en milieu urbain et/ou rural ;
- Toute utilisation ou tout transfert de technologie susceptible d'avoir des conséquences dommageables sur l'environnement ;
- Tout entreposage de n'importe quel liquide au-delà de 50 000 m^3
- Tout transport commercial régulier et fréquent ou ponctuel par voie routière, ferroviaire ou aérienne de matières dangereuses (corrosives, toxiques, contagieuses ou radioactives, etc.) ;
- Tout déplacement de population de plus de 500 personnes ;
- Les aménagements, ouvrages et travaux susceptibles, de par leur nature technique, leur ampleur et la sensibilité du milieu d'implantation d'avoir des conséquences dommageables sur l'environnement. Parmi ces activités, on peut citer :

INFRASTRUCTURES ET AMENAGEMENTS / AGRICULTURE / ELEVAGE

- Tout projet de construction et d'aménagement de route, revêtue ou non ;
- Tout projet de construction et d'aménagement de voie ferrée ;
- Tout projet de réhabilitation de voie ferrée de plus de 20 km de long ;
- Tout projet de construction, d'aménagement et de réhabilitation d'aéroport à vocation internationale et régionale et nationale et/ou de piste de plus de 1.500 m ;
- Tout projet d'aménagement, de

TOVANA I
amin'ny didim-panjakana n° 99-954 tamin'ny 15 desambra 1999 amerana ny fepetra vaovao mikasika ny fifampifaneranana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana

IREO TETIK'ASA TSY MAINTSY ANAOVANA FANADIHADIANA MOMBA NY FIANTRAIKANY EO AMIN'NY TONTOLO IAINANA (FMFTI)

Tsy maintsy hanaovana fanadihadiana momba ny fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana ny asa atao rehetra voalaza etsy ambany na mahatratra ny fetra farany manaraka etoana :

- Ny fanajariana rehetra, taozavatra sy asa mety hisy fiantraikany amin'ny faritra mora handairan-javatra ;
- Ny drafitra, fandaharan'asa na politika afaka manova ny toerana voajanahary na ny fampiasana ny harena voajanahary, sy/na ny hatsaran'ny tontolo iainan'ny olombelona an-tanan-dehibe sy/na ambanivohitra;

- Ny fampiasana na famindrana haitao izay mety hiteraka vokadratsy eo amin'ny tontolo iainana;

- Ny fanatobiana ranon-javatra na inona na inona manana hadiry mihoatra ny 50.000 m3 ;
- Ny fitaterana ahazoam-bola mitohy sy matetika na tsindraindray an-tanety, an-dalamby na an'abakabaka ireo akora mampididoza (mandoaka, misy poizina, mamindra na radioactif, sns .) ;
- Ny famindran-toerana ny mponina mihoatra ny 500 ;
- Ny fanajariana, taozavatra sy asa mety, avy amin'ny lafiny ara-teknika, ny halehibeny sy ny vokatr'izany eo amin'ny toerana iorenana, hiteraka vokadratsy eo amin'ny tontolo iainana. Anisan'ireny, azo tanisaina etoana :

NY FOTO-DRAFITRASA SY FANAJARIANA / FAMBOLENA / FIOMPIANA

- Ny tetik'asa fanorenana sy fanajariana làlana, voarakotra na tsia ;
- Ny tetik'asa fanorenana sy fanajariana ny lalamby;

- Ny tetik'asa fanatsarana ny lalamby manana halava mihoatra ny 20 Km ;
- Ny tetik'asa fanorenana, fanajariana sy fanatsarana seranam-piaramanidina natao iraisam-pirenena sy ho an'ny faritra ary ho an'ny eo amin'ny firenena sy/na làlam-piaramanidina mihoatra ny 1.5000m ;
- Ny tetik'asa fanajariana, fanatsarana sy

réhabilitation et d'entretien (précisément dragage) des ports principaux et secondaires ;

- Tout projet d'implantation de port maritime ou fluvial ;
- Tout projet d'excavation et remblayage de plus de 20.000 m^3
- Tout projet d'aménagement de zones de développement ;
- Tout projet d'énergie nucléaire ;
- Toute installation hydroélectrique de plus de 150 MW ;
- Tout projet de centrale thermique ayant une capacité de plus de 50 MW ;
- Tout projet d'installation de ligne électrique d'une tension supérieure ou égale à 138 KV ;
- Tout projet de barrage hydroélectrique d'une superficie de rétention de plus de 500 ha ;
- Tout projet d'aménagement des voies navigables (incluant le dragage) de plus de 5 km ;
- Tout projet d'aménagement ou de réhabilitation hydroagricole ou agricole de plus de 1000 ha ;
- Tout projet d'élevage de type industriel ou intensif ;
- Tout prélèvement d'eau (eau de surface ou souterraine) de plus de 30 m^3/h ;
- Tout projet d'épandage de produits chimiques susceptible, de par son envergure, de porter atteinte à l'environnement et à la santé humaine.

RESSOURCES NATURELLES RENOUVELABLES

- Toute introduction de nouvelles espèces, animales ou végétales, ou d'organismes génétiquement modifiés (OGM) sur le territoire national ;
- Toute exploitation forestière de plus de 500 ha ;
- Toute collecte et/ou chasse et vente d'espèces n'ayant jamais fait l'objet de commercialisation par le passé ;
- Tout projet de création de parcs et réserves, terrestres ou marins, d'envergure nationale et régionale ;
- Toute introduction d'espèces présentes à Madagascar mais non préalablement présentes dans la zone d'introduction ;
- Tout projet de chasse et de pêche sportives.

TOURISME ET HOTELLERIE

- Tout aménagement hôtelier d'une

fikarakarana (indrindra ny fanadiovana) ireo seranan-tsambo lehibe sy salantsalany ;

- Ny tetik'asa momba ny fanorenana seranan-tsambo an-dranomasina na an-drenirano ;
- Ny tetik'asa fandavahana sy fanotofana miohoatra ny 20.000 m3 ;
- Ny tetik'asa fanajariana ny faritra fampandrosoana;
- Ny tetik'asa momba ny angovo nokleary ;
- Ny foto-drafitrasa momba ny herinara-driandrano mihoatra ny 150 MW ;
- Ny tetik'asa momba ny foibe mampiasa hafanana afaka mamokatra mihoatra ny 50 MW ;
- Ny tetik'asa ananganana tariby mitondra herinarantra manana hery 138 KV na mihoatra ;

- Ny tetik'asa mikasika ny tohadrano manana velarana, afaka mitazona rano, mihoatra ny 500 ha ;
- Ny tetik'asa fanajariana momba ny làlana azo ivezivezen'ny sambo (ao anatin'izany ny fanadiovana) mihoatra ny 5 km ;
- Ny tetik'asa fanajariana na fanatsarana fambolena andrano na fambolena mihoatra ny 1000 ha ;

- Ny tetik'asa momba ny fiompiana indostrialy na ampamokarina be sy haingana ;
- Ny fakana rano (rano ivelany na ambany tany) mihoatra ny 30 m3/h ;
- Ny tetik'asa momba ny famafazana akora simika izay, noho ny halehibeny, mety hiteraka fahavoazana amin'ny tontolo iainana sy ny fahasalaman'ny olombelona.

HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA

- Ny fampidirana karazana vaova, biby, zavamaniry, zavamiaina nasiam-panovana araka ny hai-anaranaka, eo amin'ny tanim-pirenena ;

- Ny fitrandrahana ala mihoatra ny 500 ha ;

- Ny fanangonana sy/na fihazaha ary fivarotana karazan-javatra mbola tsy natao ahazoam-bola tany aloha ;
- Ny tetik'asa ananganana vala sy tahiry, an-tanety na an-dranomasina ka mahasahana ny firenena ny ny faritra ;
- Ny fampidirana karazana efa misy eto Madagasikara kanefa mbola tsy nisy teo amin'ny toerana ampidirana izany ;
- Ny tetik'asa momba ny fihazana sy fanjonoana manana endrika fanatanjahantena.

FIZAHAN-TANY SY FANDRAISAMBAHINY

capacité d'hébergement supérieure à 120 chambres ;

- Tout aménagement récréo-touristique d'une surface combinée de plus de 20 hectares ;

- Tout restaurant d'une capacité de plus de 250 couverts.

SECTEUR INDUSTRIEL

- Toute unité industrielle soumise à autorisation, conformément aux dispositions des textes réglementaires en vigueur de la loi n° 99-021 du 19 août 1999 relative à la politique de gestion et de contrôle des pollutions industrielles ;
- Toute unité de transformation de produits d'origine animale (conserverie, salaison, charcuterie, tannerie, …) de type industriel ;

- Toute unité de fabrication d'aliments du bétail permettant une capacité de production de plus de 150 t/an.

GESTION DE PRODUITS ET DECHETS DIVERS

- Toute unité de stockage de pesticides d'une capacité supérieure à 10 tonnes ;

- Toute unité de récupération, d'élimination ou de traitement de déchets domestiques, industriels, et autres déchets à caractère dangereux ;
- Toute unité de traitement ou d'élimination de déchets hospitaliers excédant 50 kg/j ;

- Tout type de stockage de produits et/ou de déchets radioactifs ;
- Tout stockage de produits dangereux ;
- Toute unité de traitement d'eaux usées domestiques.

SECTEUR MINIER

- Toute exploitation ou extraction minière de type mécanisé ;
- Toute exploitation de substances radioactives ;
- Tout traitement physique ou chimique sur le site d'exploitation de substances minières ;
- Tout projet de recherche d'une envergure définie par arrêté conjoint des Ministres chargés respectivement de l'Environnement et des Mines à partir de la

- Ny fanajariana momba ny trano fandraisam-bahiny manana efitra mihoatra ny 120 ;

- Ny fanajariana toerana fialam-boly sady fizahan-tany manana velarana atambatra mihoatra ny 20 ha ;
- Ny trano fisakafoanana manana halehibe afaka mandray olona mihoatra ny 250.

SEHETRA INDOSTRIALY

- Ny vondron'asa amin'ny indostria tsy maintsy anaovana fahazoan-dalana, araka ny fepetra voalazan'ny rijan-teny momba ny didy amam-pitsipika manankery ao amin'ny Lalàna laharana faha-99-021 tamin'ny 19 aogositra 1999 mikasika ny politika fitantanana sy fanaraha-maso ny fandotoana vokatry ny indostria
- Ny vondron'asa momba ny fanodinana ny vokatra azo avy amin'ny biby (sakafo am-bifotsy, fanasirana, hena voahodina, fandoman-koditra, …) manana endrika ara-indostria ;
- Ny vondron'asa momba ny fanamboarana sakafom-biby afaka mamokatra mihoatra ny 150t isan-taona.

FITANTANANA NY VOKATRA SY NY FAIKA SAMIHAFA

- Ny vondron'asa momba ny fitehirizana fanafody famonoana bibikely manana fiatiana mihoatra ny 10 taonina ;
- Ny vondron'asa momba ny fakana, fanafoanana na fikarakarana ny ny fako avy any an-tokantrano, na avy amin'ny indostria, na fako hafa manana endrika mampidi-doza ;
- Ny vondron'asa momba ny fikarakarana na fanafoanana ny fako mihoatra ny 50 kg isan'andro avy amin'ny toeram-pitsaboana ;
- Ny karazana fitehirizana vokatra na/sy fako voavaikan-taratra ;
- Ny fitehirizana vokatra mampidi-doza ;
- Ny vondron'asa momba ny fikarakarana ny rano avy nampiasaina an-tokantrano.

SEHATRY NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Ny fitrandrahana na fakana harena an-kibon'ny tany enti-milina ;
- Ny fitrandrahana raha voavaikan-taratra ;

- Ny fikarakarana ara-fizika na ara-tsimika ny toerana hitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany ;

- Ny tetik'asa fikarohana manana halehibe voafaritry ny didim-pitondrana iraisan'ny minisitra mioandraikitra avy ny tontolo iainana sy ny harena an-kibon'ny tany manomboka dingana fampandrosoana

phase de développement et/ou de la faisabilité.

HYDROCARBURES ET ENERGIE FOSSILE

- Tout projet d'exploration du pétrole ou de gaz naturel utilisant la méthode sismique et/ou forage ;
- Tout projet d'extraction et/ou de transport par pipeline de pétrole ou de gaz naturel ;
- Tout projet d'extraction et d'exploitation industrielle de charbon de terre ou cokeries ;
- Tout projet d'implantation de raffinerie de pétrole brut, de gazéification et de liquéfaction de capacité de plus de 20 000 barils équivalent-pétrole/jour ;
- Tout projet d'implantation offshore ;
- Tout projet d'extraction de substances minérales bitumineuses de plus de 500 m^3/jour ;
- Tout projet de stockage de produits pétroliers et dérivés ou de gaz naturel d'une capacité combinée de plus de 25 000 m^3 ou 25 millions de litres.

sy/na ny fahazoa-manao.

AKORANAFO SY ANGOVO AZO AVY AMIN'NY FAIKA ANATY TANY

- Ny tetik'asa momba ny fizahan-taratra ny solitany na entona voajanahary mampiasa ny fomba mampihovitrovitra sy/na fandavahana ;
- Ny tetik'asa famongorana sy/na fitaterana amin'ny fantson-dava vaventy ny solitany na ny entona voajanahary ;
- Ny tetik'asa famongorana sy fitrandrahana ara-indostria ny arintany na ny orinasan-dionarina ;
- Ny tetik'asa momba ny fanorenana fanadiovan-tsolitany voajanahary, fampanjariana ho entona sy fampanjariana ho ranoka afaka mamokatra mihoatra ny 20.000 *barils* mira-sanda amin'ny solitany isan'andro ;
- Ny tetik'asa miorina any afovoan-dranomasina ;
- Ny tetik'asa famongorana raha mineraly misy molanga mihoatra ny 500 m3 isan'andro ;
- Ny tetik'asa momba ny fitehirizana vokatra avy amin'ny solika sy ireo azo avy aminy na ny entona voajanahary mananafiatiana atambatra mihoatra ny 25.000 m3 na 25 tapitrisa litatra.

ANNEXE II
au décret n° 99-954 du 15 décembre 1999 fixant les nouvelles dispositions relatives à la mise en compatibilité des investissements avec l'environnement

INVESTISSEMENT OBLIGATOIREMENT SOUMIS À UN PROGRAMME D'ENGAGEMENT ENVIRONNEMENTAL (PREE)

Sont soumises à l'approbation d'un programme d'engagement environnemental (PREE) toutes activités citées ci-dessous ou atteignant l'un des seuils suivants :

INFRASTRUCTURES ET AMÉNAGEMENTS / AGRICULTURE / ELEVAGE

- Tout projet d'entretien périodique de route revêtue de plus de 20 km ;
- Tout projet d'entretien périodique de route non revêtue de plus de 30 km ;

- Toute industrie en phase d'exploitation ;
- Toute installation hydroélectrique d'une puissance comprise entre 50 et 150 MW ;
- Tout projet de centrale thermique d'une puissance comprise entre 25 et 50 MW ;
- Tout aménagement de terrain destiné à recevoir des équipements collectifs de plus de 5000 spectateurs ou de plus de 3 ha ;
- Tout projet de barrage hydroélectrique d'une superficie de rétention comprise entre 200 et 500 ha ;
- Tout projet d'aménagement ou de réhabilitation hydroagricole ou agricole d'une superficie comprise entre 200 et 1000 ha ;
- Tout projet d'élevage de type semi-industriel et artisanal.

RESSOURCES NATURELLES RENOUVELABLES

- Toute exploitation forestière de plus de 150 ha ;
- Tout permis de capture et de vente d'espèces de faune destinées à l'exportation ;
- Tout projet de création de parcs et réserves d'envergure communale et privée ;
- Toute réintroduction d'espèces dans une zone où elle était préalablement présente ;
- Toute utilisation ou déviation d'un cours d'eau classé, permanent, de plus de 50% de son débit en période d'étiage ;
- Tout permis de collecte et de vente

TOVANA II
amin'ny didim-panjakana laharana faha-99-954 tamin'ny 15 desambra 1999 amerana ny fepetra vaovao mikasika ny fifampifaneranana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana

IREO TETIK'ASA TSY MAINTSY ANAOVANA FANDAHARAN'ASA MOMBA NY IROTSAHANA EO AMIN'NY TONTOLO IAINANA (FITI)

Tsy maintsy ahazoanana fankatoavana ny fandaharan'asa momba ny irotsahana eo amin'ny tontolo iainana ny asa atao rehetra voalaza etsy ambany na mahatratra ny fetra farany manaraka etoana :

NY FOTO-DRAFITRASA SY FANAJARIANA / FAMBOLENA / FIOMPIANA

- Ny tetik'asa momba ny fikojakojana isam-banim-potoana ny làlana voarakotra na tsia mihoatra ny 20 km ;
- Ny tetik'asa momba ny fikojakojana isam-banim-potoana ny làlana tsy voarakotra na tsia mihoatra ny 30 km;
- Ny indostria eo amin'ny dingana fitrandrahana ;
- Ny foto-drafitrasa momba ny herinara-driandrano manana hery 50 ka hatramin'ny 150 MW ;
- Ny tetik'asa momba ny foibe mampiasa hafanana manana hery 25 ka hatramin'ny 50MW ;
- Ny fanajariana ny toerana natao handray fitaovana iombonana ho an'ny mpijery mihoatra ny 5000, na mihoatra ny 3 ha ;
- Ny tetik'asa mikasika ny toha-drano momba ny herinara-driandrano manana velarana, afaka mitana rano, 200 ka hatramin'ny 1000 ha ;
- Ny tetik'asa fanajariana na fanavaozana ny fambolena anaty rano na fambolena manana velarana 20 ka hatramin'ny 1000 ha ;
- Ny tetik'asa miomba nny fiompiana izay mampiasa ny fomba ara-indostria amin'ny ampahany sy ny nentim-paharazana.

HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA

d'espèces destinées à l'exportation ;

- Toute augmentation de l'effort de pêche en zone marine par type de ressources (une étude de stock préalable est requise).

TOURISME ET HOTELLERIE

- Tout aménagement hôtelier d'une capacité d'hébergement comprise entre 50 et 120 chambres ;
- Tout aménagement récréo-touristique d'une surface comprise entre 2 et 20 ha ;
- Tout restaurant d'une capacité comprise entre 60 et 250 couverts.

SECTEUR INDUSTRIEL

- Toute unité industrielle soumise à déclaration, conformément aux dispositions des textes réglementaires en vigueur de la loi 99-021 du 19 août 1999 relative à la politique de gestion et de contrôle des pollutions industrielles ;

- Toute unité de transformation de produits d'origine animale de type artisanal.

GESTION DE PRODUITS ET DECHETS DIVERS

- Tout stockage de produits pharmaceutiques de plus de 3 tonnes.

SECTEUR MINIER

- Tout projet de recherche minière (cf. Code Minier, cas PR) ;

- Tout projet d'exploitation de type artisanal (cf. Code Minier, cas PRE) ;

- Toute extraction de substances minières des gisements classés rares ;
- Tout orpaillage mobilisant plus de 20 personnes sur un rayon de 500 m et moins ;

- Tout projet de stockage de capacité combinée de plus de 4000 m^3
- Tout projet de stockage souterrain combiné de plus de 100 m^3
- Tout projet d'extraction de substance de carrière de type mécanisé.

FIZAHAN-TANY SY FANDRAISAMBAHINY

- Ny fanajariana momba ny trano fandraisam-bahiny manana efitra 50 ka hatramin'ny 120 ;

- Ny fanajariana toerana fialam-boly sady fizahan-tany manana velarana 2 ka hatramin'ny 20 ha ;
- Ny trano fisakafoanana manana halehibe afaka mandray olona 60 ka hatramin'ny 250.

SEHETRA INDOSTRIALY

- Ny vondron'asa amin'ny indostria tsy maintsy anaovana fanambarana, araka ny fepetra voalazan'ny rijan-teny momba ny didy amam-pitsipika manankery ao amin'ny Lalàna laharana faha-99-021 tamin'ny 19 aogositra 1999 mikasika ny politika fitantanana sy fanaraha-maso ny fandotoana vokatry ny indostria
- Ny vondron'asa momba ny fanodinana ny vokatra azo avy amin'ny biby araka ny fomban-drazana

FITANTANANA NY VOKATRA SY NY FAIKA SAMIHAFA

- Ny fitehirizana vokatra avy amin'ny fanamboarana fanafody mihoatra ny 3 taonina.

SEHATRY NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Ny tetik'asa fikarohana momba ny harena an-kibon'ny tany (jereo ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon'ny tany, tranga PR) ;
- Ny tetik'asa fitrandrahana amin'ny fomba netin-drazana (jereo ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon'ny tany, tranga PRE) ;
- Ny famongorana ny akoran-javatra an-kibon'ny tany voakilasy ho tsy fahita firy ;
- Ny fanivanam-bolamena an-drenirano mampiasa olona mihoatra ny 20 ao anatin'ny 500 m manodidina na latsaka ;
- Ny tetik'asa momba ny fitehirizana raha atambatra dia miaty mihoatra ny 4000m3 ;
- Ny tetik'asa momba ny fitehirizana ambany tany mihoatra ny 1000m3 ;
- Ny tetik'asa momba ny famongarana ny akora azo amin'ny fihadiam-bato enti-milina.

Décret n° 98-610 du 13 août 1998
réglementant les modalités de la mise en œuvre de la Sécurisation Foncière Relative,
application de la loi n° 90-012 du 6 juin 1997 modifiant et complétant la loi n° 90-033 du 21 octobre 1990 portant Charte de l'Environnement

TITRE PREMIER
DEFINITION - OBJET

CHAPITRE PREMIER
Définition et champ d'application de la sécurisation foncière relative

Article premier - En application de la loi n° 96-025 du septembre 1996 relative à la gestion locale des ressources naturelles renouvelable, la Sécurisation foncière Relative, dénommée SFR par la suite, est définie comme une procédure consistant en la délimitation d'ensemble du terroir d'une communauté locale de base bénéficiaire de la naturelles renouvelables ainsi qu'au constat des occupations comprises dans le terroir.

Art. 2 - Elle constate uniquement le droit de jouissance des occupants et peut constituer une étape vers l'immatriculation foncière.

CHAPITRE 2
Opérations préliminaires à la Sécurisation Foncière Relative

Art. 3 - Après agrément administratif de la demande de transfert de gestion par la commune, l'opération Sécurisation foncière Relative est ouverte par décision du Ministre dont relève services fonciers ou son représentant:

Art. 4 - Les limites du périmètre soumis à la SPR sont celles arrêtées dans le cadre du processus de transfert de gestion des ressources naturelles renouvelables au profit de la ou de(s) communauté(s) locale(s) de base.

TITRE II
METHODOLOGIE

CHAPITRE 3
Sensibilisation, enquête, délimitation et abornement

Art. 5 - La SFR est précédée d'une campagne d'information menée auprès de la ou des collectivités concernées.

Art. 6 - Les limites du périmètre font l'objet d'un

LOHATENY VOALOHANY
FAMARITANA_ANTONY

TOKO VOALOHANY
Famaritana sy sehatra ampiharana ny fampisian-toky amin' ny ampahany

Andininy voalohany - Ho fampiharana ny lalàna laharana faha 96-025 tamin'ny 30 septambra 1996 mikasika ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina, ny fampisian-toky amin'ampahany amin'ny fananan-tany, atao hoe *SFR* amin'ny manaraka, dia soritan'ny paika arahina amin'ny famaritana ny fitambaran'ny sombin-tany isitrahan'ny tsitairay eo amin'ny faritry ny vohitra onenan'ny vondron'olona ifotony nahazo ny fitantanana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina ary koa ny fizahana fototra ny fipetrahana ao arnin'ny sombin-tany.

And. 2 - Ny *SFR* dia mamantatra fotsiny ihany ny zo fisitrahana ananan'ireo izay mipetraka amin'ny tany ary mety ho dingana mankany amin'ny firaiketana amin'ny bokim-pananan-tany.

TOKO FAHAROA
Fepetra raisina mialoha ny fampisian-toky amin'ampahany amin'ny fananan-tany

And. 3 - Ao aorian'ny fankatoavana ara-panjakana ataon'ny Kaominina ny fangatahana famindram-pitantanana, ny asa mikasika ny fampisian-toky amin'ampahany amin'ny fananan-tany dia sokafana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Minisitra iankinan'ireo Sampan-draharahan'ny fananan-tany na ny solontenany.

And. 4 - Ny faritry ny toerana iharan'ny *SFR* dia izay tapaka tao anatin'ny fombafomba natao ho famindrana ho amin'ny na (ireo) vondron'olona eny an-toerana aty ifotony ny fitantanana ireo loharanon-karena voajanahary azo havaozina.

LOHATENY FAHAROA
FOMBA FIASA

TOKO-FAHATELO
Fanentanana, fanadihadiana, faniaritana ary fanatsatoham-bato

And. 5 - Ny *SFR* dia hialohavana fanentanana fampahalalam-baovao natao eo anivon'ny na ireo vondrom-bahoaka voakasik'izany.

abornement un levé topographique régulier rattaché au réseau géodésique tant.

Art. 7 - Les délimitations et enquêtes parcellaires effectuées publiquement par un géomètre assermenté sont réputées contradictions.

Un état parcellaire faisant ressortir :

- les références de la parcelle ;
- le ou les occupants ;
- la consistance de l'immeuble et éventuellement la superficie approximative ;
- les litiges éventuels

sera dressé.

Un plan parcellaire expédié ou un agrandissement photographique sera annexé au dit état.

CHAPITRE 4
Documents de la Sécurisation Foncière Relative
Conservation - Droit de jouissance

Art. 8 - Les parcelles de grande superficie ne faisant pas l'objet d'une occupation pourront être constituées en réserves foncières au profit de la communauté et dont les conditions de gestion seront fixées par un cahier des charges.

Art. 9 - Les documents de la Sécurisation Foncière Relative documents 5FR sont constitués par :

a. Le plan de la ressource naturelle renouvelable objet du transfert de gestion ;

b. Le plan du périmètre de la zone soumise à la SFR ainsi le procès-verbal dressé lors de sa délimitation ;

c. L'état parcellaire dénommé état SFR et le plan parcellaire dénommé plan 5FR.

Ces documents sont établis en deux exemplaires.

Art. 10 - Après vérification technique par la Direction des Services topographiques, les minutes des documents SFR sont annexées au contrat de transfert de gestion des ressources naturelles renouvelables et déposées à la Commune du ressort, et le double conservé par le Bureau de la Conservation des Documents topographiques Fonciers de céans (CDTF).

Art. 11 - Toute modification des limites des parcelles, autres celles des ressources naturelles renouvelables, dûment trouvée par la communauté doit faire l'objet d'une mise à jour documents 5FR par un géomètre assermenté. Les modalités de cette mise à jour feront l'objet

And. 6 - Ny faritry ny toerana misy ny tany dia anaovana tsato-bato sy sarin-tany ara-dalàna izay miraikitra amin'ny tambajotra ara-taosarin-tany efa misy.

And. 7 - Ny famaritana sy ny fanadihadiana mikasika ny sombin-tany izay tanterahin'ny mpandrefitany vita fianianana ampahibemaso dia heverina ho mifanohitra.

Hatao ny firaiketana an-tsoratra momba ny sombin-tany izay mamoaka :

- ny fanondroana ny sombin-tany ;
- ny na ireo mipetraka ao ;
- ny zava-misy eo amin' ny tany ary ny mety ho velarany ara-keviny ;
- ny fifanolanana mety hisy.

Hisy sarintany tsotsotra momba ny sombintany na sary an'habakabaka noalehibiazina atovana ny firaiketana an-tsoratra ny sombin-tany.

TOKO PAHEFATRA
Taratasy firaketana mikasika ny fampisian-toky amin' ampahany amin'ny fananan-tanyFikajiana ny Zo fizakana ny tany

And. 8 - Ireo sombin-tany be velarana tsy misy mipetraka dia azo atao ho tahirim-pananan-tany voatokana ho an' ny fokonolona ka ny fomba fitantanana azy dia ho ferana ao anatin 'ny bokin'andraikitra.

And. 9 - Ny taratasy firaketana ny fampisian-toky amin'ny ampahany amin'ny fananan-tany (taratasy firaketana SFR) dia ahitana :

a. Ny sarin-tanin'ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina voakasiky ny famindram-pitantanana ;

b. Ny sarin-tanin'ny faritra voakasiky ny *SFR* ary I:oa ny fitanana an-tsoratra izay natatamin'ny fotoana nanaovana ny famaritana azy ;

d. Ny fitanana an-tsoratra ny sombin-tany izay nailtsoina koa hoe raiki-tsoratra *SFR* sy ny sarin-tany miaraka aminy antsoina hoe sarin-tany *SFR.*

Atao sosony roa mitovy ireo taratasy firaketana ireo.

And. 10 - Aorian'ny fanamarinana ara-teknika nataon'ny Foibem-pitondran'ny Sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany, ny matoan-tsoratry ny taratasy firaketana *SFR* dia ampiarahina amin' ny fifanekena famindram-pitantanana ireo loharanon-karena voajanahary azo havaozina ary apetraka ao amin'ny Kaominina misy ilay faritra ary ny kopia kosa dia tahirizina ao amin'ny Biraon'ny fitehirizana ny taratasy firaketana ny sarin-tany *(BCDTF).*

And. 11 - Ny fiovana rehetra nankatoavin'ny mpiara-monina ara-dalàna eo amin'ny faritry ny sombin-tany, ankoatry ny faritry ny loharanon-karena voajanahary havaozina, dia tsy maintsy ataon'ny mpandrefitany vita fianianana maty paika ao amin'ny taratasy firaketana *SFR.* Ny fombafomba fanaovana io maty paika andro io

d'un arrêté du Ministre chargé des Services fonciers.

Toutes formalités relatives à la cession de droit de jouissance parcelles soumises au régime 5FR doivent être enregistrées auprès de la Commune concernée qui en informera le Bureau de la conservation des Documents Topographiques Fonciers du ressort.

dia ho faritan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Sampan-draharanan'ny fananan-tany.

Ny fombafomba rehetra mikasika ny famindran-jo hisitraka ny sombin-tany iharan'ny *SFR* dia tsy maintsy raiketina ao amin'ny bokin'ny Kaominina misy ny tany izay hampahafantatra izany ny *BCDTF* misy azy.

Art. 12 - Toute nouvelle occupation ou extension doit être autorisée par la Commune de rattachement.

And. 12 - Ny fisitrahana vaovao na fanitarana dia tsy maintsy nahazoana alalana avy amin'ny Kaominina iankinan'ny faritra.

CHAPITRE 5
Arbitrage et recours

TOKO FAHADIMY
Fanelanelanana sy fampakaran-draharaha

Art. 13 - Les litiges entre les occupants sont arbitrés par le Maire de la Commune de la situation de l'immeuble.

L'arbitrage ne doit cependant être réalisé sans que toute action de conciliation n'ait été préalablement entreprise.

And. 13 - Ny fifanolanana misy eo amin'ny mpisitraka dia hanaovan'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina misy ilay tany fanelanelanana.

Ny fanelanelanana dia tsy azo tanterahina raha tsy efa nisy ezaka fampihavanana mialoha natao.

Art.14 - Toute voie de recours est ouverte aux entités concernées sur la délimitation parcellaire auprès des autorités administratives compétentes.

Aucun recours ne devra cependant être entrepris avant l'arbitrage du Maire de la Commune où se trouve la parcelle litigieuse.

And. 14 - Ny fampakaran-draharaha rehetra dia misokatra ho an'ireo vondrona voakasiky ny famaritana ny sombin-tany eo anatrehan'ny fahefam-pitondrana miandraikitra izany.

Tsy misy fampakarala-draharaha azo atao enefa alohan'ny fanelanelanana notanterahin'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina misy ilay sombin-tany iadiana.

CHAPITRE 6
Immatriculation et fin du régime Sécurisation Foncière Relative

TOKO FAHENINA
Firaiketana amin' ny boky fananan-tany sy fifaranan'ity sata mifehy ny fampisian-toky amin'ampahany amin' ny fananan-tany

Art.15 - La SFR prend fin par l'immatriculation collective des parcelles du périmètre sur demande de la communauté.
Toutefois, chaque occupant peut à tout moment demander l'immatriculation de ses parcelles lesquelles seront immédiatement soustraites du régime SFR.

And. 15 - Ny *SFR* dia mifarana amin'ny firaiketana faobe amin'ny boky fananan-tany ireo sombin-tany ao anatin'ny faritra araka ny fangatahan'ny mpiara-monina. Na izany aza anefa dia azon'ny mpisitraka tsirairay atao, amin'ny fotoana rehetra, no mangataka ny fandraiketana amin'ny boky fananan-tany ny sombin-taniny, ka izany sombin-tany izany dia miala avy hatrany amin'ny sata mifehy ny *SFR.*

CHAPITRE 7
Dispositions particulières

TOKO FAHAFITO
Fepetra manokana

Art.16 - Toute parcelle comprise dans le périmètre et ayant déjà fait l'objet d'un dépôt de demande d'acquisition n'est pas soumise au régime SFR. En cas de rejet de la demande, le terrain concerné est soumis d'office au régime SFR et jusqu'au dépôt des documents SFR auprès de la Commune. En tout état de cause, les documents SFR devront être mis à jour de toute modification de la situation originelle.

And. 16 - Ny sombin-tany rehetra tafiditra ao anatin'ny faritra ka efa nametrahana fangatahana hahazo tany dia tsy fehezin'ny satan'ny *SFR.* Raha novaliana ny fangatahana dia fehezin'ny Satan' ny *SFR* avy hatrany ilay tany. Tsy misy mihitsy fangatahana tany ao anatin'ny faritra azo raisina aorian'ny fisokafan'ny asa *SFR* ary mandram-pametraka ny taratasy firaketana *SFR* ao amin'ny Kaominina. Amin'izany rehetra izany, ny taratasy firaketana *SFR* dia tsy maintsy atao maty paik'andro araka izay fiovana mitranga tamin'ny toe-java-misy tany am-piandohana.

Art.17 - Les propriétés déjà immatriculées au nom de particulier et celles déjà affectées et comprises dans un périmètre de SFR ne sont pas soumises au régime SFR.

Art. 18 - Les portions du domaine public comprises dans le périmètre objet de la SFR restent soumises aux textes les régissant.

Art. 19 - Le Vice-Premier Ministre chargé du Budget et du Développement des Provinces autonomes le Ministre de l'Aménagement du Territoire et de la Ville, le Ministre de la Pêche et des Ressources Halieutiques, le Ministre de l'Environnement, le Ministre des Eaux et Forêts, le Ministre de l'Elevage et le Ministre de l'Intérieur sont chargé chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

And. 17 - Ny tany efa voarakitra amin'ny anaran'olon-tsotra ao anatin'ny boky fananan-tany na ireo izay voatokana ka tafiditra ao anatin'ny faritra *SFR* dia tsy fehezin'ny Satan'ny *SFR.*

And. 18 - Ireo ampahan'ny menabem-panjakana tafiditra ao anatin'ny faritry ny *SFR* dia ho fehezin'ireo rijan-teny mifehy azy.

And. 19 - Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Tetibola sy ny Fampandrosoana ny Faritany mizaka tena, ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Tanàn-dehibe, ny Minisitry ny Fanjonoana sy ny Haren'ny ati-rano, ny Minisitry ny Tontolo iainana, ny Minisitry ny Rano sy Ala, ny Minisitry ny Fiompiana, ary ny Minisitry ny Atitany dia miandraikitra araka izay tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.